avóko sy zavatra sasany hafa koa. Maniry volom-bato ny tenany rehetra, ka raha mandry eny ambonin' ny vato izy dia tsy fantatra loatra, na dia akaikikaiky hiany aza. Raha misy olona marary ny fahaverezan-tsaina, dia matahetra ny olona, fandrao lasa ho siona izany olona izany. Vao faingana dia nisy filazana, fa nisy olona izay saiky ho lasa ho siona ; fa nataon' ny havany izay hahatanana azy, ka izany, hono, no tsy nahalasa azy.

IX .
ANGANO NA ARIRA.

IBONIA SY NY FIRAZANANY.

IHOTRAKOTRAKA, hono, Andriambahoaka atsinanana, fa hamangy an-dRailanitra, ka nitondra ny zanany : dia Ingarabelahy sy Izatovotsiota, ary Andriambavitoalahy, sy ny vahoakany, —dia Imaroahina sy Imaromanaiky. Ary naka omby folo lahy sy folo ampianahana izy, dia tamin' Itanirnaroanio sy Isakatriniba.

Ary dia nihotrakotraka koa Andriambahoaka avaratra, dia nitondra any Imbolahongeza sy Irainingeza. Ary dia hoy ny fitenin-dRailanitra raibeny : " Ravo aho, fa tsy holován-dambo aman' alika ity taniko ity."

Ary dia nihotrakotraka kosa Andriambahoaka andrefana ka nitondra any Ipandrafitrandriamanibola sy Imbolahongeza, ary ny zanany valo vavy.

Ary nihotrakotraka, koa Andriambahoaka atsimo, dia nitondra any Ikabikabilahy sy. Ifosalahibehatoka, ary ny zanany valo vavy.

Dia mba hamangy an-dRailanitra ireo izy ireo, fa, zafiny. Ary dia hamahana azy kosa Railanitra raibeny, ka dia naka omby tamy ny ombiny, izay atao hoe lbetsiviliana sy Itahontáka ; ka dia toy izao no fitenin-dRailanitra, raha tafahaona tamin' ireo zafiny ireo izy :

" Faly aho," hoy izy, " fa tsy holován-dambo aman' alika, lehiretsy, ny taniko." Ary dia faly sy ravo Railanitra ka nanao fifaliana, lehibe, ka dia nanapoaka tafondro sy basy, ary nanao fahana.

Ary dia avy kosa Andriambahoaka (Ibemampanjaka) afovoan' ny tany sy Rasoabemanana (vadiny) ; ka dia nihotrakotraka kosa ny lanitra, ary nivadibadika ny tany izay nolalovany sy ny vahoakany : dia Iarivolahinihina sy Izatovolahinih.ága ;—ka nizaozao ny akáta (toy ny maty ny ahitra), nihaon-tendro ny tsipolotra, ary tomandemboka ny tany nolalovan' Itsiaronántso (be, ka tsy tratra-antso). Dia mba hamangy an-dRailanitra koa izy ; fa izy no zokiny indrindra amin' ireo zafiny ireo. Dia toy izao indray no fitenin-dRailanitra, raha tafahaona tamin' Andriambahoaka afovoan' ny tany izy ; hoy izy : " Faly aho, lehitsy ; kanefa izao no ataoko aminareo mivady : ny basy sy ny tafondro izay efa napoakako tamin' izy efa-dahy teo aloha, diaveromay no fanapoakako, ary ny fahana izay natolotro ho azy, dia ny zavatra izay tsy momba no nomeko azy,fa satria maro anaka izy. Ary inty kosa ny aminareo mivady, dia izao kosa, no hataoko : ny basy sy ny tafondro izay hapoaka, dia vato tokana (bala) no hatao aminy ; nefa, atohoka amy ny tany no fanapoaka azy."

Ary dia, naniraka izy nampaka ny omby hataony fahana ; ka dia hoy izy : " Alao lahy ': Igogoka ; alao' lahy Itolohoabofeo ; alao lahy Izatotsiandróhy; alao lahy Izatotsiandravina ; alao lahy Iraikopaka ; alao lahy Irailily ; aLolahy Its iarindahim avózo ; alao lahy Iraijao ; alao lahy Ianginimanga ; alao lahy Ielakelakinilavitra; alao lahy Itsitaranirnarina ; alao lahy Ihiontsinamalona; alao lahy Itsikaranoampombo ; alaolahy Iketriketrikantendany ; alao lahy Imanarivoampeo ; alao lahy Itranom.-podiantandroka, ; alao lahy Imandraifakoandoha, sy omby saikatra zato, ary ombelahy zato ; ary alao ondry saikatra zato sy ondrilahy zato, sy vorona saikatra zato, ary akoho saikatra zato, etc." Ary dia tafavory teo anatrehany ireo zavatra rehetra ireo.

Anaran' ombiny daholo izany—hatr amin' Igogoka ka hatramin' Irnandraifakoandoha.

Ary hoy Railanitra niteraka any Ifanarangarandanitra izayniteraka azy dimy lahy,—dia Andriambahoaka atsi - nanana sy Andriambahoaka andrefana sy Andriambahoaka avaratra sy Andriambahoaka atsimo ary Andriambahoaka afovoan' ny tany,—dia hoy Railanitra : " Alao lahy Ifanarangarandanitra (fa tsy teo izy)hanol o-rako ny fahan' ny zaza,"—dia Andriambahoaka afo voan' ny tany sy Rasoabemanana vadiny. Ary dia tonga Ifanarangarandanitra, ka dia mba niantso ireo zanany dimy lahy ireo, dia nanatona azy ireo zanany ireo. Ary dia nivoaka ka nitaingina tamy ny fiara-volamena Railanitra ; dia nikabary ka nanao hoe : " Efa vitako ny fahan' izy efa-dahy, ary ny an' Andriambahoaka afovoan' ny tany tsy efako, fa hifanatrehantsika, ka ombelahy zato sy omby saikatra zato, etc. Ary basy sy tafondro nasiako vato tokana (bala) ka levona tamy ny tany, fa satria tsy misy zaza hitomany ; fa momba Rasoabemanana, ary tsy niteraka Andriambahoaka afovoan' ny tany. Ka izao kosa no ataoko aminareo mivady, Rasoabemanana sy Andriambahoaka afovoan' ny tany: Tsara izao, soa izao ny fiandriananareo ; kanefa, tsy misy zaza hitomany."

Ary nony nandre izany Rasoabemanana, dia nihobahoba (misomebiseby), ka dia nitomany sy nikaikaika, ary nanao -ranomaso havozona tamin' Andriambahoaka afovoan' ny tany, izay vadiny, ka nanao hoe : "'Andriambahoaka ó, vory lahy ity ny fananana, ary be ny harena ; fa voatavo (zaza) tokana hiany no tsy ananana, ka dia holovàn-dambo aman' alika ny fanjakana sy ny tany ! " Ary hoy no navalin' Andriambahoaka afovoan ny tany : " Izaho tsy hampirafy ; fa mandehana hianao mamonjy an-dRanakombe, makà odi-zaza aminy." Ka dia lasa Rasoabemanana namonjy an-dRanakombe ka nitondra vehivavy folo sy lehilahy zato nitondra basy sy saboha ary ampinga haratra hiaraka athiny, dia tonga tany amin-dRanakombe izy ireo. Ka dia hoy Ranakombe : "E, lahy tsy tongotro mandia alànana, tsy tànako mandray joria, fa ny ho avy taonàny hitako taonito, ary ny ho avy ampitso liitako anio. Ary fantatro, fa na dia tsy miloa-bava aza hianao, dia hila za,za no

alehanao sy mahory anao. Ka firy no lehilahy miaraka aminao, ary firy no vehivavy miaraka aminao? " hoy Ranakombe.

Ary hoy Rasoabemanana : " Lehilahy zato mitondra basy zato, sy vahoaka zato, ary ampinga-haratra zato, ary vehivavy folo mitondra vato kiboribory folo."

" Ey, lahy!" hoy Ranakombe,—" lahy sarotra amy ny tany izao, ka arivo lahy an-troka (kibo), zato lahy anaty, ka folo taona hianao mivesatra azy hiany, Rasoabemanana. Koa, raha tianao izao, dia omeko anao, fa raha tsy tianao izao, dia tsy hanana, afa-tsy izao hianao ; ka dia modia, fa zaza loza, loza izao, ary zaza antambo, antambo izao, soriba (fantara) izao, varatra izao. An-tany izao manola-dray, an-kibo izao manola-dreny."

Ary hoy Rasoabemanana : " Eny, lahy ! fa ny tsy manan-ko loza no ratsy, fa ny zaza mpandova ray."

Ary hoy Ranakombe : " Eny, fa raha tianao hiany izany, dia mandehana hianao mankany amin' Ivatolahiarivozoro. Koa ny varatra ho ao, ary ny biby ho ao, ho ao koa ny zavatra mahafaty rehetra ; kanefa, raha tonga eo aminy hianao, dia mitondrá. vaton-tafondro (bala) roa avy ny vehivavy manaraka anao, ary hianao mitondrà telo. Ary ny sompanga no odizaza halainao ao. Koanefa ho arivo lahy mifaifay no ho tojo anao ao. Nefa ho lasa hiany izany arivo lahy mifaifay izany ; fa sompanga lahy anankiray no harm omby maola ao ka hanodidina an' Ivatolahiarivozoro."

Ary dia nianga Rasoabemanana ho any. Ary nony tonga teo akaikin' ny vato Rasoabemanana dia finaoky ny rambondanitra sy ny rivotra sy ny soriba sy ny varatra sy ny havandra, ary ny zavatra mahafaty rehetra ; ka dia impito lavo niantombina izv folo i/avy, fa Rasoabemanana irery hiany no tsy Ary nony nanatona an' Ivatolahiarivozoro Rasoabemanana dia nisy ny zava-mahafaty rehetra ; ka, tonga teo avaratry ny vato Rasoabemanana, dia nipetraka ny sompanga teo an-tampon' Ivatolahiarivozoro, ka niletsy Ivatolahiarivozoro ka somafâtra amy ny tany, ka lavo indray izy folo vavy nanaraka an-dRasoabema-

nana, ka dia folaka avy ny tánany ; fa Rasoabemanana irery no tsy lavo. Ary notontany ny vaton-tafondro ny sompanga, mba halain-dRasoabemanana,—ka tsy maty iny sompanga iny, fa mainka velona mangaihay ny toetrany. Ary dia nisikin-dahy Rasoabemanana mba handray ny sompanga ; dia noraisiny ny sompanga, koa dia nentin' Ivatolahiarivozoro nanidina izy, koa kely sisa no tsy nitehika tamy ny lanitra Rasoabemanana ; kanefa tsy nety latsaka, fa nitoetra, tao an-tampon' ny vato hiany. Ary dia nipetraka tamy ny tany indray Ivatolahiarivozoro, koa tsy nanova lavaka, fa nitsatoka teo amin' ilay nitoerany hiany ; ka nilentika tQo amy ny vato Rasoabemanana naka ny sompanga natao odi-zaza ; ka, dia samy niteny tsirairay avokoa kosa ny vahitry ny hazo teo ambonin' ny tany rehetra ka nanao hoe : " Izaho no odi-zaza, izaho no odi-zaza."

Ary nony tonga teo amy ny odi-zaza Rasoabemanana-teo amin' Itsimalazoafindra sy Itsimainambolena sy Iarivoantandrokosy ary Izatoankibo—dia niditra any anatin' ny hazo Rasoabemanana haka any Itokambololona. Ary nony tonga any an-tampon' Itokambololona Rasoabemanana, dia ny sompanga no nandray azy. Dia nandeha Rasoabemanana,—koa dia faroratra no nandehanany, ka tsy nitehika ny lanitra, ary tsy nikasika ny ravin-kazo, ary tsy nandia tany.

Ary ny odi-zaza nalain-dRasoabemanana any an-ala no nanindry an' Andriambahoaka any an-tanàna hoe : " Miraria hianareo, fa miady Rasoabemanana. Ary ny firarinareo ataovy hoe

Ento, indaosy atý ny lehilahinay.
Tsy atao hivoka. ny amalon-keli-loha-
Tsy am-pefy rano (tsy voasakan-drano).'

Izany r o ataonareo firary azy," hoy ny odi-zaza nalain-dRasoabemanana. Ary dia tonga, Rasoabemanana ka nitsatoka any an-tanàna atao hoe Iliolava, any amin' Andriambahoaka afovoan' ny tany ; koa dia, nikotrakotraka ny vato, ary nizomaozao ny akâta, nanjary nahaleo (leo) ny tanàna, ka, dia izany no nalf Iliolaya ny tanàna.

Ary nony tonga teo an-tanànany Rasoabemanana, dia lasa ny arivo lahy naka kitay hitonoana ny sompanga, hohanin-dRasoabemanana. Ary nony tonga ny kitay dia natao indrai-mandrehitra amy ny fatana anankiray hiany, ka natono teo ny sompanga ; ka dia, nivaivay teo anati-afo ny sompapga ka tsy nety masaka ; nefa fatratra ny fidedadedan' ny afo. Ka dia lasa naniraka izy mba haka an-dRanakombe. Fa raha tsy mbola tafapaka tany amin-dRanakombe ny iraka, dia nanindri-mandry Ranakonibe, ka hoy izy : " Ey! inao, ry Iampelafetsy, mba tazano ao atsinanana ao.—Tsy tongotro mandia alanana, tsy tánako mandray joria : nyhoavy taonàny hitako taonito, ny ho avy rahampitso hitako anio."

Dia lasa nitazana Iampelafetsy'' ka nanao hoe : " dro, misy lahy fito avy atsinanana, milomay amin-defona, mihindrahindra amin' ampinga-haratra." " E !" hoy Ranokambe, " irak' Iampelamanandahiloza."

Ary dia tonga tany amin-dRanakombe ny iraky Rasoabemanwia, ; ka hov Ranakombe: " Tsy toroa-mahalala, tsy ilaza-mahafa'ntatra aho. no nitsok' antsiva ? ary firi-lahy no nanapoaka ampinga-haratra ? ary firi-lahy no nively hazolahy ? ary firi-lahy no nampiady ombelahy nanodidina ny trano ? ary firilahy no naka •kitay ? ary firi-lahy uo ombelahy novonoina ? " hoy Ranakombe. Ary hoy ny iraky Rasoabemanana : " Tsy teo izany, abakobe." Ary dia, hoy Ranakombe taminy : " Mandehana aloha, hianareo, ka mamoria ombelahy arivo lahy hampiadina, ary ampinga-haratra arivQ hapoaka, ary antsiva arivo hotsofina, ary mpively hazolahy fito-polo lahy, ary om.belalry inteio fito hovonoina, ary ondrilahy zato hovonoina'. Fa izaho mbola hiandry ny andro Zoma, izay vintan' Alahamady tsy mahafoy Mpanjaka, ka mampanito an-dRaondriana, ary mahato-volana an-doha-vohitra, tsy mahafaty olo-mainty ; fa mahery vintana izao zaza izao ; koa, tsy hotanipohiko andro, ary tsy ho tebahiko taona, fandrao manolaka ahy ;—ka mandehana aloha hianareo mankany amin-dRasoabemanana,"

Andevon•clUanakombe io,

Ary nony tonga tany amin-dRasoabemanana ireo iraka ireo, dia nilaza ireo zavatra ireo, mba hovorin-dRasoabemanana ireo zavatra ireo mandra-piha vin-dRanakOmbe. Ary dia voavory ireo. Ary nony tonga tamin' ilay andro Zoma, dia niainga Ranakombe ho any amin-dRasoabemanana ; fa nony tonga teo am-bavahadin-dRasoabemanana Ranakombe, dia hoy izy : " Apoahy manodidina ny tanána ny tafondro, ary Itolamahasoitra sy Itokamarovonoina (anaran-tsampy izany) atsangano am y ny tehezan-tanána atsinanana, ary ny ampinga-hara-bolamena." Fa ny anton' ny anaovana any Itokamahasoitra sy Itokamarovonoina eo amy ny tehezam-bohitra atsinanana, dia ao ny rafin' ny zaza. Dia napoaka manodidina ny tanàna ny tafondro. Ary nampiadina manodidina ny tanàna ny ombelahy arivo ; ka dia nakoraina sy n.nhobena. Dia novonoina koa ny ondrilahy zato sy ny ombelahy telo fito.

Dia vao izay vao niditra any amin-dRasoabemanana Ranakombe, hanatona ny valala sompanga. Ary nony ningadona teo an-tokonana Ranakombe, dia niombotra niala teo anatin' ny fatana ny sompanga, ka dia tonga terý amy ny vovonan-trano ; ary dia niely teo anatrehan-dRanakombe sy ny sompanga ny afo. Ary dia nibaiko Ranakombe ka nanao hoe : " Hitako zaza loza ; hitako zaza antambo ; hitako lahy sarotra amy ny tany, Ifatsiatra; fa nomeko an-dRasoabemanana eo an-tampon' Iliolava. Nefa kosa, raha tsy ho vanona, dia mandehana hianatsimo na hianavaratra, fa aza milatsaka eo anati-afo. Fa raha ho vanona dia ho vanona kosa, ka ho biby tsy misy setriny, ka, ho Mpanjaka tokana, dia milatsaha eo anati-afo eo hianao Dia nilatsaka teo amy afo ny sompanga tamin' izany, ka dia masaka. Nefa tsy nesorin olona izy, fa nitsipika niala teo am-patana ka dia nitsatoka teo an-tampon-dohan-dRasoabemanana, koa dia nilentika amy ny lohany ka nitsapaka any an-kibony, dia niforotra ka tonga zaza. Ary raha niforotra ny zaza, teo an-kibon-dRasoabemanana, dia novonoina ny ombelahy folo sy ny óndrilahy zato, ka lanin-dRasoabemanana avokoa ; anefa tsy nihinan-kanina

intsony izy, fa, ny rivotra' hiany no notohofany mandra-piterany ny zaza ; nefa folo-taona no tao an-kibo ny zaza. Ary nony nandray telo taona an-kibo izy, dia nifofo vady ny zaza. Ka hoy izy : " Vadiko %Iampelasoamananoro ; ka dia ambeno tsara, fandrao tongan-dahi-sarotra."

Ary dia hoy Rasoabemanana " Akory hianao no mbola tsaika ka dia mifofo vady sahady ? " Ary hoy ny zaza : " Hitako, hitako, fa tsaika aho, Andarà. ; fa fofoiko faha-zaza, ary ho vadiko faha-tsaika ;—koa tsy itiavako lahy, ary tsy anaranako azy, ka tsy hasoavako tany aman' olona. Fa raha maty Iampelasoamananoro, dia tsy hairotro (alevina) aman-tany ; ary raha velona, tsy aritro bo an-dahy. Endre ! ity Itsivanonamifandozasy Raotobetany sy Raotobefielana, fa, mifandoza amin' ity mba haka ny vadiko," hoy ny zaza (mbola ao an-kibo).

Ary hoy Rasoabemanana "Meda! Ikabikabilahy no milom-pa-tsi-many, milom-pa-tsi-afototra, an-tety tompoi-maro-manana, Ifaribevololona, Iontsibefahy. Ny tain-kohony ambony tsy lanin' amboa zato, ny tain-kohony ambany ts• lanin' amboa folo-arivo ; ny feny an-ila fanasan-tsarika, ary ny feny an-ila vato asana, ary ny lohany atao riandriana ho fanefem-by, ary ny tànany atao ónтanana, ary ny rantsany atao tandra, ary ny laferany atao fatan-afo, ary ny kibon-dranjony atao foforana, ary ny sandrin-tànany atao tsofa-lany fanofam-by, ary ny volon-keliny ibongoan-trandraka, ary ny volon' orony anatodizan ny voro-madinika, ary ny volo-masony anatodizan' ny goaika. Ary angatra Ifosalahibehatoka izay mandidy ny tsy hohanina sy manokona ny tsy hohandrahoina hoe : atokony, atokony, ary loary, loary,' dia izay mifira tsy amin-pamaky , ary mandidy tsy amin-tsambia (antsy): Izany no lahy sarotra amy ny tany," hoy Rasoabemanana. Ary hoy ny famalin' ny zaza : " 0 ! Andara, zaza izany ka tsy misakana ny loha-lambo hotorahako." Ary hoy indray Rasoabemanana : "Angaha Ipandrafitran-

" Ny renin' Iampelasoamananoro dia Ravaomanana ka havan' Ibemampanjaka zay rain' Ibonia ; ary ny rainy dia Andriambahoamanana.

driamanibola sy Andriamba vitoalahy ;—fa izany no taranaky ny mpizara sy zafin ny mpanome, ary taranaky ny mpamono sy zanaky ny mpamelona, ary taranabolamena sy zafim-bolafotsy, ary taranaky ny mpihary sy zafin' Ibezezika. Koa, ny tany diavin izany dia tsy diavin-dehilahi-mavozo, ary tsy diavin-dahi-matahotra. Izany no lahy sarotra amy ny tany. Fa tsy ny biby %ro biby, ary tsy ny voay ro voay, fa izany ro voay be am-pitána ; ka raha setrain-dakana, mandrendrika, ary raha robohina, manehi-baniana (manaikitra). Koa ny tsy voan' izany ro asa ; fa raha azon' izany dia mipetipety miakanga,— asaly, ka tsy hita izay atiny sy vohony," hoy Rasoabemanana. " Tsia, Andarà," hoy ny zaza, " fa tsy mamerin-doha omby horoahiko iny, fa mbola zaza.' Ary hoy indray Rasoabemanana : " Angaha Rainingezalahy sy Imbolahongeza izany ,—fa izany no biby, izany no mamba, taranak' Impanarivo, zanak Ibefaofao ; arivo lahy nihina izany, zato lahy nihaga. Koa raha mitoraka lambo izany dia tsy mitoraka akaiky, fa mihoatra saha fito vao mitoraka. Kanefa tsy sinda, fa montsana amy ny taolany sy momoka amy ny nofony ; ka raha voan izany andavan-taona, dia maty andavan' andro ; ary raha velomin' izany andavan-taona, dia'yelona andavan' andro. Fa ombelahy sakoko tandroka izany ka sarotra hiadiana : raha an-doha-tandrony, dia voateviny ; ary raha am-balanoran.ony, dia voatsakony ; raha amy ny sofiny dia voakopany ; raha amy nyrambony, dia voahifiny ; ambani-kitrony, dia voahitsany ; ary raha amy ny orony, dia mibaibay (sarotra adika io). Izany no lahy sarotra amy ny tany," hoy Rasoambemanana. " Tsia, Andara, hoy ny zaza, " fa zaza izany, ka tsy mahasakandahy Izay hovonoiko." Ary dia hoy mdray Rasoabemanana : " Angaha Ingarabelahy sy Izatovotsiota izany ,—fa izany no taranak' Imahavory, zanak' Ibefihary, lahy sarotra amy ny tany, zanak' Ivo-pointsimatimamonomahafaty. Tora-defon' Ingarabelahy raha voan' ny lelany, dia tsy vanona ; ary raha

Ro dia teny Sakalava=no

voan' ny zarany, dia manindao tratra ; ary ny alehan' ny antsetra dia mandripaka arivo," hoy Rasoabemanana. Ary hoy ny zaza : " Tsia, Andarà, fa tsy mahavadika ny loha-tafika entiko izany, fa zaza." Ary dia hoy koa indray ny zaza ao an-kibon-dreniny " Antsoy ny tampon' Iliolava.; fa lasan-dahy sarotra, masin' ody Iampelasoamananoro, fa lasan' Ivatolahiloza. Antsoy hoe : Lasan' Ivatolahiloza, lasan' Ivatolahy, lasan' Iva,tolahisarotra ! ' Koa, izy loza, ary izaho antambo, hoy ny zaza. Ary nony namoniy Iliolava hamerina any iampelasoamananoro, dia tsy nahazo azy. Ary dia hoy ny zaza ao an-kibon-dreniny " Tsy azo Iampelasoamananoro, Andarà, fa niverina, Iliola va."

Ary nony afaka folo taona, sendra nanatrika ny mpamboly itasoabemanana, ka nivesatry ny zaza, dia nihetsi-jaza teo. Ary hoy ny zaza : "Ento m.ody aho, Andará, fa tsy ravin-táko aho ka hitàko ; tsy ravin' ovy aho ka hanovy ; tsy lambo aho ka hibohibohy ; tsy trandraka aho ka hiborobodaka ; tsy alika aho ka ho sarotra amin-delany ; tsy aketa aho ka hietaketaka ; tsy sokona aho ka ho faty amam-bolony ; tsy Vato aho ka hikodiadia ; tsy ontsy aho ka, tsy homena roa; tsy zavona aho ka hanenika ny tany; tsy akoholahy aho ka hahatsiaro andro maraina; tsy akangaaho ka hifaoka anaka ; tsy voay aho ka hiandry fitána. Fa izaho no saonjo an-kihin-karana: tsy hadim-body, tsy hanin-dravina ; ka raha dikaina, mahabe lohalika harihina, mahagoa-maso ; tondroina, mahamondry tànana ; atono, antambo ; andrahoina, Ioza. Ary koa, vahivoraka an-dafy aho lolohavina, mahasola ; dikaina, Mahabe kibo ; avela, mahamondry tongotra. Voay be miandry fitana aho : setrain-dakana, maharendrika ; robohina, manehi-baniana. Trano be taza,na _ah.o, ka na maro aza, tsy azahoana an-en'tana,— fa, raha azahoana, mandratra ; koa, raha mitazana ahy any an-dafin' ny riaka, dia anampiko ahy káa."

Ary nentiny erý amy ny .sola-bato Rasoabemanana, hizaha izay hiterahany. Ary hoy ny zaza ao an-kibond Rasoabemanana : " Tsy tiako ity, Andarà, fa

fanatodizam-papango sy fiteraham-boromahery. Fa ny papango homana akoho-kely ka mirehareha homana eny ambonin' ny tompony,—dia ompa no manaraka azy ; nefa manabe aina azy hiany izany. Ary ny voronaahely hitako fa Inahery, ka ny faohin' izany : ny tsy voany dia mifaifay, ary izay voany dia tsy vanon-ko-raha, ny an-tànany tsy mba latsaka. Koa dia ento miainga aho, Andarà ; fa halako ity tany ity, fa tanin' ny mpihako ity ; mahery, fa miasa tànana, fa tsy -manam-bahoaka hohinanina, ary tsy thanam-bahoa,ka hirahina, koa dia, tsy misy hiandrianana izany." Dia niala tamy ny vato izy, ka no tsipahiny ny vato,.-ka folo ambakambaka (niendaka).

Ary nentiny indray reniny, ka dia nitaingina amy ny tendrombohitra avo dia avo. Ary hoy ny zaza:

Tiako ity, Andarà, koa dia eto aho no hateraka ; fa avo noho ny be ity, ka dia, maro no miandrandra, ary maro no antsoina." Ary nivadika indray izy, ka hoy izy : "Ny soa anie ity dia soa, Andará, fa izy dia tanin-dolo no tanin' angatra, ka izany no tsy itiavako azy ; fa ny soa mitsoka eto, ny ratsy mitsoka eto." Koa dia niainga indray izy niala, ka notsipahiny iny tendrombohitra iny, ka dia tomandemboka ny tany, ary nikodiadia torotoro ny vato.

Ary dia niala indray izy ka nitety izao ravin-kazo rehetra izao ; eny no nitondrany an-dreniny, nefa, izy mbola ao an-kibo. Ary hoy indray izy : " O! Andarà, tsy tiako ity, fa arivo lahy manjaka, ny be tarihin' ny kely, ka tsy misy fisiana izao, fa tanintsifaka (karazan' amboanala), tanim-barika, tanindambo, tanim-biby ; ka ento mody aho, Andará, fa halako ity, fa tanin' ny mpikolia." Koa niainga indray izy, sady notsipahiny indray iny hazo iny, ka folo montsamontsana sy niombotra amam-potony, ary niainga amam-pakany.

Ary lasa indray izy nankany anati-rano hitady izay hiterahany ; dia nilentika tao anati-rano Andará.

hoy indray izy : "Tsy tiako ity, Andarà, fa maro biby malama ka tsy ho hita horaharahaina, tsy hisy hiandrianako." Ary nievotra indray izy niala nitsoaka

tao anati-rano, ary nokobahiny ny rano ka ritra ; ary ny biby koa nokobakobanin' ny riaka, ka dia nitsinkafona teo aMbonin' ny rano. Nefa tsy mbola niala tao anati-rano reniny tamin' izay. Ka dia hoy indray izy : " Tiako ity, Andarà, fa, fandria-malemilafika, koa dia tsy itadiavako lafika sy ondana. Nefa tsy tiako ity, Andará, fa tsihy be tsy azo ahorona, lamba tsy azo asafotra, ondana be tsy entimandeha." Koa dia niala indray izy, ka notehafiny ny rano (koa izany, hono, no nampanonianonja ny riaka), vao lasa izy nody. Ka, any an -tanàna no namantana indray reniny.

Ary nony tonga tany an-tanána reniny, dia nasainy nankany am-bovonan-trano. Dia hoy izy : " Tiako ity, Andarà, fa arivo lahy miroza, na telo lahy mitokana. Fa ity no maro manaja sy maro inanohana, Andarà. Nefa tsy tiako ity,—fa maro manohana ka, tsy mahatokam-panjakana ahy ; satria andevolahy ny ankamaroany eto ka mahery vava be hiany, ka tsy misy hilatsahan' ny rariny, fa ento midina aho, Andarà."

Ary namantana amy ny tapenaka atsimo indray reniny. Dia hoy izy : " Hala,ko ity, Andarà, fa famonoana om.by ainy ท๖t maty sy fanariam-paditr' izay velona ; ka ento aho ho any amy ny tapenaka avaratra."

Ary nony tonga teo amy ny tapenaka avaratra indray reniny, dia hoy izy : " 0 Andarà, halako ity, fa, hitako ity fa fiantsoan-Janahary ; soa anie izy dia soa, fa, am-pita dia mpianadahy ; ny tany no impirofitaka izao, fa tsy miady an-kitsi-loha. Ento amy ny lavan-trano atsinanana aho, Andará."

Ary nony tonga teo amy ny lavan-trano atsinanana indray reniny, dia hoy izy : " Na soa aza anie ity, Andarà, dia fisaoran' ny atsimo, fisaoran' ny andrefan.a; fa , izy no mandri-lava ka maro manainga ; koa tsy hitako, na rariny no Andrianilava,—izany no tsy mahaloza azy."

Dia niala indray reniny, ka hoy indray izy : "Ento aho, Andarà, ho any amy ny saka,-m.andimby,—fa io soa anivon' ny alin-dahy manelo, ary arivolahy milanja, zato lahy mihaga. Izao no zazalahy sarotra, koa

nandrava tanin-drafin' olona mbamy ny ahy dia ahy raha rteo," hoy ny zaza ao an-kibon-dreniny. " Manan-tombo anie izao, Andarà," hoy izy : "raha fotoanina izao, tsy tratra ; mamotoanaizao, mahatratra ; mitaky, mahazo izao ; itakiana, tsy azahoana izao ; fa raha vonoiko andavantaona, dia maty andavan-taona ; velomiko andavan-taona dia velona andavan-taona. Mora atao velona, ka sarotra atao maty. Vatako irery, ka folo-alin-dahy mihina, arivo lahy manantso, zato-lahy mihaga; tsy tafihin-dakana arivo anie, Andará, tsy alain-dakan-jato," hoy izy. Dia hoy reniny : " Vatanao irery va dia tsy ho zakan-dakana arivo sy tsy ho zakan-dakana zato? Ila! an-kibo io hanola-dreny, an-tany indray hanola-dray ! " Ary hoy indray ny zaza : " Izaho tsy manihitihy ny tia ahy, tsy ratsy volana amy ny malaina ahy ; fa ny manihitihy ahy no tihitihiko, ny ratsy volana amiko no mba iratsiako volana ; fa raha, soa volana amiko, dia mba havaniko. Endrey ! na any an-dafin' ny riaka aza. Endrey! na any ambonin' ny lanitra aza. Fa izaho tsy namboarin' olon-tongotra, ary izaho tsy namboarin' olon -tànana," hoy izy ; "fa ny tany ahíko, ary ny lanitra, ahin' Andriamanitra, fa izy Andriamanitra any ambony, ary izaho Andriamanitra atý an-tany. Koa raha soasoa volana amiko, mba isoasoavako volana ; ary raha ratsiratsy volana amiko, mba iratsiako volana ; fa izaho no toka-mahasesitany ;—dia vakio amin' izao ny tany," hoy ny zaza eo an-kibon' And.ará. Ary koa, hoy izy tamin-dreniny : " Tsidiho izao andro izao." Ary hoy reniny : " Mitongoa-vovonana ny andro." Ary hoy ny zaza : "Saka mandroba izao, Andará : mandroba ny lanitra izao, mandroba ny atsinanana izao, mandroba ny andrefana izao, mandroba ny atsimo izao ; ka dia anampiko ahy avy izao, Andará," hoy izy. Ary ,hoy koa izy ao an-kibon-dreniny : "Apoahy ny basy efatr' arivo vava arny ny lafin-tanyefatra izao ; ary arivo vava apoally mk kany an-danitra ; koa ny mankany an-danitra, no apoahy aloha. Ary napoaka ny mankany an-danitra. "Koa dia nipoaka avokoa izy izay va, Andará? " hoy ny zaza. "Nipoaka," hoy reniny.

Ary hoy izy : "Lehilahy izany, Andarà, fa niady hafoloan andro. Ary apoahy ny amy ny lafin-tany efatra." Dia napoaka. Ary dia nanontany izy nanao hoe : " Nipoaka moa, Andarà ? " Ary hoy reniny : " Tsy nipoaka, fa iray vava tatsy atsinanana no mpoaka." Ary hoy indray ny zaza : " Veli-rano amim-bahoaka izao, Andará ; fa, tany azontsika izao, fa tsy nisy basy nipoaka, ; fa tolona indray andro mantsana izao. Ary hilatsaka aho, Andarà, fa indro ny seza handrianao,' hoy ny zaza, " ary indro ny seza volamena hitaingenako,—fahafito an-tsakany, fahefatra ambin' ny folo an-davany."

Ary nony efa ho teraka ny zaza, dia hoy izy : " Alao ny afo, ka ataovy mirehitra be ao am-patana ; ary anefeo antsi-fiharatra aho, ka, atelemo amy ny akondro, fa izaho tsy hiboaka miorika na hiboaka mivalana, fa hiboaka eto an-trokanao, A-ndarà." Ary hoy Ibemampanjaka : " Tsy izao va no tsy tiako, Rasoabemanana ! ' Dia hoy kosa Rasoabemanana: " Ny tsy manandoza ro ratsy, fa ny zaza no mpandova tany." Koa dia notefen'Ibemampanjaka ny antsi-fiharatra ka nataony tao anatin' ny akondro hatelin-d asoabemanana. Dia noraisin' ny zaza ny antsy, raha mbola tao ambonin' ny seza Rasoabemanana, dia notatahany ny kibon-dreniny hivoahany, dia nitsipika teo ambonin ny seza volamena ny zaza, ary ny reniny maty teo ambomn' ny seza, ka nataony niantsinanan-doha. Ary tamy ny andro nahaterahany dia fola-pe avokoa ny zava,-manan' aina, rehetra, na inona na, inona ; ary nikotrakotraka ny vato, ary nivadika ny tany, ary nikotrokotroka ny lanitra. Dia, izany no nisehoan' ny horohoron-tany.

Ary dia lasa Ihalampatana nampitaitra an' Ibemampanjaka ka nanao hoe : " Teraka Rasoabemanana, ; ary reniny maty eo amy ny seza." Ary dia taitra Ibemampanjaka ka nanao hoe : " Antsoy lahy à Itsiaronantso, ka ataovy arivo vavy hampandro izao zaza izao." Ary dia tonga ny vehivavy arivo ao an-tampon' Iliolava, ka dia niditra tao an-trano, ka niakatra mba handray ny zaza. Ary nony niakatra ny anankiray, mba handray azy, dia notsipahiny,

ka folaka ny feny ; ary dia niakatra indray ny anan-kiray, dia notsipahiny, ka potsitra ny masony. Ary ny sasany dia afa-nify, ny sasany tapa-tànana. Ary nony handray azy rainy, mba hampandro azy, dia notsipahiny, ka folaka ny feny. Ka hoy rainy : " A, zaza loza, zaza antambo ity ; fa tan-kibo, nanoto an-dreniny ; ary latsaka an-tany, panoto an-draidy ! " Dia niala teo amy ny seza-volamena izy ka nitsipika erý anatin' ny afo miroborobo, ka dia novonjena izy, sady notondrahana rano ny afo, ka tsy nety maty, fa vao mainka nidedadeda. Ary noraisina ny zaza, ka malama tsy azo raisina ; ary na dia fatratra aza ny firehitry ny afo dia tsy nampaninona azy izany. Ary dia hoy Ibemampanjaka tamin' Endriavelo, rahavavin-dRasoabemanana : " Tsy izy izao ; fa mandehana hianao mankany amin-dRanakombe,ka dia mitondrá arivolahy mitondra ampinga-haratra sy amin-tsaboha, ary folo vavy hiaraka aminao." Ary dia lasa izy nandeha. Ary hoy Ranakombe : " Ihia lahy izao manako mahamay ahy izao ! Fa tsy toroana aho, mahalala ; tsy ilazana aho, mahafantatra." Ary dia tonga tany amin-dRanakombe Endriavelo. Ary hoy Ranakombe : " Fantatro ny dianao, fa tsy tongotro mandray alanana, tsy tànako mandray joria ; fa teraka Rasoabemanana ka namono olona arivo sy nandratra olona zato. A! tsy izy izao, fa iraho arivo lahy haka kitay, ary dia ataovy amy ny zaza ny kitay hanampy ilay teo aloha, mba hiroborobo ny afo ; fa mila anarana izao zaza izao."

Ary dia lasa ilay iraka hanao arak' ilay nolazain-dRanakombe. Ary dia niainga Ranakombe ka tonga tany Iliolava. Fa raha tonga teo am-baravarana izy, dia nitomany indrai-mandeha ny zaza hoe : " A ! " dia nitoetra tsy nivolana intsony. Ary hoy Ranakombe : " Alao Imangoronarivo (omby izany) ka ataovy efadahy, ka vonoy amy ny lafin-tany efatra. Ary dia analao efatr' arivo lahy koa amin' Iliolava mba, hanapoaka tafondro hampandroana io zaza io."

Ary dia novonoina ny ombelahy efatra, ary nalefa ny tafondro efatr' arivo vava tamy ny lafin-ta,ny efatra. Ary vao nibaiko ny anaran' ny zaza Ranakombe ka

nanao hoe : " Akorakoray lahy, akorakoray lahy . fa izao no hataoko anaran io zazalahy io : Ipapango-lahilavaelatra ;—tsy ome-maka, ome-maka eo imason-tompony ; mipaoka eo imason-dray, maka ny eo am-pofoan-dreniny ; ompa no ampanarahina azy ka manabe aina azy hiany. Harihina toy ny tany nilavoana ; tsy mandrasa lavitra, fa mandrasa ambonin' ny loha. Mba lahy sarotra anie izany ! " hoy Ranakombe. Ary dia nanda io ny zaza ka nipariaka eran' ny trano, fa tsy tiany ny anarana. " 0 ! meda io zaza io," hoy Ranakombe, " ka hataoko Andriamboromahery no anarany : mifaofao, ka tsy maka afa-tsy eo imason' ny arivo lahy, fa tsy maka eo imason' ny olom-bitsy; koa ny tsy voa tsy vanon-ko *raha* (zavatra), ary ny iafarany mibaibay, ny an-tánany tsy latsaka; izany no tokana mahamamo-tany." " 0 ! tiako anie izany, ry baba," hoy ny zaza ; " fa izy no mpangalatra sakan' akoho, ka izany indray no tsy itiavako azy." " Meda io zaza io !" hoy Ranakombe. " Akorakoray lahy, akorakoray lahy," hoy Ranakombe, " fa hataoko Andriandambozomà no anarany : izay mikotrokotro tsy aman-kitra, mamelon' afo tsy am-poserana, mipapaka tsy arn-pamaky, mihady tsy am-pangady, mivalan-tsaha tsy misavahivoka, mitety bonga tsy amin-kiraro ; kibotry valon-jato ; misava hivoka, vahitr' ampanga valo-arivo : ny tsy voa ro asa, fa ny voa miroraka, tsy vanon-ko raha." " E, tsy tiako izany, ry baba ! " hoy ny zaza. " O, medaio zaza io ! " hoy Ranakombe. " Akorakoray lahy, akorakoray lahy," hoy Ranakombe, " fa hataoko Andraifosalahibehatoka no anaran' io zaza io : mitratra-pa,-lahy, mivanian-dahi-sarotra, mitongotr' Impanenjiday, mifeom-pamono-sami-irery, maka ny ambanin' ny famaky noho ny ambanin' ny feny, tsy homana ny ventiny, fa mitroka ny rany ;—fa, izany no lahy sarotra amy ny tany. Ka raha vonoin' izany an-davan' andro dia maty an-davan' andro ; raha vonoin' izany an-davan' alina dia maty an-davan' alina." "Tsy tiako izany, ry baba," hoy ny zaza. " O, meda, io zaza io ! " hoy Ranakombe. " Akorakoray lahy, akora-**koray lahy," hoy Ranakombe, " fa ny anaran' io**

zanako hataoko Andriantolohoboboka misidin-tsi-avo, mandeha-tsi-be, mitsororo-pihinana, manta, fanao-bariandro (toaka). Filovolany zato, fitrebika arivo ; inifoha amin' antsiva, mitelina ombelahy iray (valala) ;—fa izany no lahy sarotra amy ny tany." " Tsy tiako izany, ry baba, " hoy ny zaza, " fa midian-olom-botry." " O, meda io zaza io ! " hoy Ranakombe. " Akorakoray lahy, akorakoray lahy," hoy Ranakombe, " fa ny anaran' io zanako io hataoko Andriamitomoamibo-tretraka (sahona) : arivo-lahy mamohotra, folo-alin-dahy mihaga, zato lahy- mihina ; akorakora hiany no entiny, ka mahavaki-tany ny hobiny. " " E7 ! tsy tiako izany," hoy ny zaza, " fa lavo antonontonony, ka ny mavozo no mandia loha, ny osa mandalo vady ; tsy tiako izany, ry baba," hoy ny zaza. " O, meda io zaza io !" hoy Ranakombe. " Akorakoray lahy, akorakoray lahy," hoy Ranakombe, " fany anaran' io zanako io hataoko Andriam-borondolosarotralinafamorandro : ny andro ataony alina, ary ny alina ataony andro ; izay no mitelina omby (voa-lavo) samy irery ,—tsy mitondra antsy handidiana, tsy mila famaky hikapana, fa mitelina hiany." " Tsy tiako izany, ry baba," hoy ny zaza. " O, meda io zaza io !" hoy Ranakombe. " Akorakoray lahy, ako-rakoray lahy," hoy Ranakombe, " fa ny anaran' io za-nako io hataoko Andriankabikabilahy : milom-pa-many, milom-pa-malio, tsy afototra an-tety, tompoi-maro-manana, miontsi-be-fahy, fari-bevololona. Ny tain-kohony ambony tsy lanin' amboa zato, ary ny tain-kohony ambany tsy lanin' amboa folo-arivo ; ny volon-keliny ibongoan - trandraka ; ny volo-masony ibongoan-tsokona ; ny volon orony anatodizan ny voro-madinika ; ny volon-dohany anatodizan' ny goai-ka ; ny volon-katony iterahan' ny akanga ; ny feny an-ila fanasan-damba, ny feny an-ila fanasan' antsy ; ny lohaliny atao riandriana ; ny totohondriny atao tantanana ; ny rantsan-tánany atao tandra ; ny ran-jony atao tafoforana. Izany no itoeran ny hoe : Ato-koy, atokoy ; loary, loary ;' homana ondrilahy zato, homana ombelahy folo,—ataony indrai-manezaka hiany ; mandidy ny tsy hohahandroina, manokona ny tsy

hohanina, mandidy tsy amy ny miso, mifira tsy am-pamaky.— Izany no lahy saretra amy ny tany," hoy Ranakombe. Tsy tiako izany, ry baba," hoy ny zaza. " 0, meda lahy io zaza io !" hoy Ranakombe. " Ako-rakoray lahy, akorakoraylahy," hoy Ranakombe, "fa ny anaran' io zanako io hataoko Ipandrafitrandriamanibola ; fa izany nolahy sarotra amy ny tany mampiady ombela-hy arivo, homana ombelahy zato indrai-manezaka hiany, taranak' Impanarivo, zanak' Itsimanankely, manami-tra (maka) ny an' olona, mangorona ny tsy any ny tena ; ny avy ao tsy azo alaina hariharina, fa azon-dahi-loza." " Tsy tiako izany, ry baba," hoy ny zaza. " 0, meda io zazaio !" hoy Ranakombe. " Akorakoray lahy, akorakoray lahy," hoy Ranakombe, " fa ny anaran' io zaza io hataoko Ingarabelahy, —fa izany no lahy sarotra amy ny tany manamitra ny tsy azy, maka ny an-tànan-tompony; taranaky ny mpanapaka, anak' Impamonoandroanio ; tsy soa ny tany alehan' izany, fa izay alehan' izany no montsamontsana." " Tsy tiako izany, ry baba," hoy ny zaza. " O, meda lahy io zaza io !" hoy Ranakombe. " Akorakoray lahy, akora-koray lahy, hoy Ranakombe, " fa ny anaran io zaza io hataoko Andriambavitoalahy,—fa ampela ka saro-tra amy ny tany izany ; fa izany no taranak' Impamono, anak Impamelona, taranak' Impizara, anak' Impano-me, taranak' Ivolamena, anak' Ivolafotsy; sarotra atao maty, mora atao velona ; arivo mitia, zato mandala (manaja) ; folo-alin-dahy nihina, arivo-lahy nihaza. Koa vonoin' izany andavan-taona, dia maty andavan-taona ; velominy andavan-taona dia velona anda van.-taona ; taranak' Impanarivo, anak' Ibezezika. Ka raha miandra izay, vaky ny lanitra ; miondrika izay, vaky ny tany ; hitsahiny ny vato, folo ambakambaka ; man-drora izy, fahavaratra ny andro ; tsy mandro izy, maniana ny taona." " A ! aba, saiky tiako izany," hoy ny zaza, " fa indro kely no tsy nitiavako azy." " O, lipeda io zaza io ! " hoy Ranakombe. " Akorakoray lahy, akorakoray lahy," hoy Ranakombe, " fa ny ana-ran' io zaza io hataoko Irainingeza,—fa izany no lahy sarotra **amy ny tany : taranak Impanarivo, zanak'**

Ibevoahangy, zafin Ibevolafotsy, mampiady ombelahy arivo lahy, homana ondry folo lahy indrai-manezaka hiany, anak' Ibefanome, taranak' Ibefanolotra, zafin' Ibefizara, kitron' Itsimanomekely." " Eý ! tsy tiako izany, ry baba," hoy ny zaza. " 0 !"" hoy Ranakombe, " iza lahy no hataoko anaran' io zaza io ? Akorakoray lahy, akorakoray lahy, fa ny anaran' io zaza io hataoko Iboniamaso, Iboniamanory : manory ny any, manory ny atý ; mitaki-mahazo, itakian-tsi-azahoana ; fotoanina-tsi-tratra, mamotoa-mahatratra ; ipenipehiara-nanan-tsoly. Miandra izy, vaky ny lanitra ; miondrika izy, vaky ny tany. Manoro atsinanana , mandripatra; manoro a siratra, mandringana tamingana; manoro andrefana, tsy manam-para handimby ; manoro atsimo, maimaim-parasy izay mikemakema miakoho-be-reny. Tsy hita iahiana, tsy hita hierena, tsy mialin-droa andro, fa mialin-drai-andro no amelezany izao : mihovitra ny lanitra, mangorohoro ny tany, ritra ny rano, mikoa ny vohitra lalovandahi-sarotra ; tanarak' Ibeandavany, anak' Ibeantsakany, taranak' Ivolamena, anak' Ivolafotsy ; anak' Impanome, taranak' Impizara ; taranak' Idily, anak' Impanentitra ; zafin' Ibevala, zanak' Ibezezika ; taranak' Itsimanakompianafamanankovonoina ; zanak' Itsimanankovelomina, zafin' Imanankorasaina. Ny vonoin' izany anda van-taona dia maty andavan-taona ; ny velomin' izany andavan-taona dia -velona andavantaona. Ny fanjakany tsy ananan' olona, ny fiandrianany tsy iraisany amin' olona, fa izy irery no antonona azy hatrany an-dafin' ny riaka manetriketrika. Manihitihy ny an' olona, fa tsy, tihintihinin' olona ; zafin' Andrianairery, anak' Itokanamanantsoa. Tsy hitan' olona ho ama-mialy ; fa izy 13, mampandry tany, fa lahy sarotra. Fa ny biby ro biby, ka ny voay ro votty ; fa izany ro voay be miandry am-pitána : setrehin-dakana, mandrendrika ; robohina, manehi-loaniana; trano be tazana; tsy azahoana maro an.' entana, fa rah.a azahoana, mandratra. Koa raha mitazana aliy eny andafin' ny riaka eny aza dia manampy anao koa. Ornbelahy sakoko-tandroka Ibonia ka sarotra iadia-

na : an-tendron-tandrony, voatevika ; raha riny, sola ny lohany ; raha an-tsofiny, voakopaka ; raha an-drambony, voafioka; ambany kitrony, voahitsany. Ny fofon" orony manjary rambondanitra ; ny tánany havananå mandritra alin-dahy, ny tànany havia mandritra arivo lahy. Ny ombelahin-tongony mirehitra arny iy tany : mizaozao ny akata, tomandemboka ny tany, ny tanána may. Vohitra manitra anomby, toa,i(a, an-tanàna : varanga moty,—toaka iraika lahy ny an' Inabo ka mahamamo arivo-lahy," hoy Ranakombe, nanao ny anaran' ny zaza.

Koa nihetsika Ibonia tao anatin' ny afo mivaivay, ka nifololotra ny varatra nisarika ny zaza ; ary avy nitomboka azy ny rambondanitra, ary nikotrokotroka ny vato, nivadika ny tany ; koa ritra niantomboka avokoa ny any Mananivo, koa vaky nialoha, ny entana any amin-dRaivato, ary intelo tafatsipika vao tafarina, Raivato, ka dia nanao ranonoram-baratra ny andro. Ary hoy Ravahoabesofina : "Izao no kabary ambara, ka lazaiko aminareo, ry teraky Mananivo Ny mpamboly dia mambole, ka ataovy ny voly rehetra, na ny voly an-drano na ny an-tanety, fa, tonga ny maoraran-taona. "O ! " hoy Ivato, " ibaba lahy ho atao mpahafantatra ka tsy mahalala ; atao ho mpahatadidy ka tsy mahatadidy. Tsy tongotro mandia alanana, tsy tànako mandray joria ; fa izaho atao ho mpahalala, dia mahala,la; atao ho mpahatadidy, dia mahatadidy ;—ka tsy maoraram-pahavelomana izao ; fa, ny ho avy taon' any hitako taon' ito, ary ny ho avy ampitso hitako anio. Fa izao kosa no arnbarako (na kabariko) omeko anareo, ry teraky Mananivo : Tsy hotrok' andro maha velona izao,—tsy taom-pambolena, fa maoram-paty, hoy Ivato ; koa ny manam-bondraka (m.atavy), mernoima; ny mana-mahia, manakaloza; fa fandroandahy • ozarina izao no masin' oly (ody), koa vain' afo no androan.' izao zaza izao ; koa tsy amonoana, omby, tsy amonoa.na akoho ; tsy mba mandro rano androan' ,ny olona, fa vain' afo no androan' izap any an-dany andrefana. Any koa ny alikany,

iffillerior rdiaLár.ar

dia Ivokowndava sy Ilavafe ; izany no nampandroahiny ombelahy, mar omincla ny akoho,' boy Barvato, mpahalala ny zaza any an-tampon' Iliolava. (Tsy nahita ny niterahan' ny zaza izy, fa Ibonia no teraka any Iliolava.) "Koa somodasoda an-oron-dRaivato, zebizeby Betsiboka mandra-pita, tsy lakanina. Miverivery lambo roa tany ; fonjafonja ny vositra, marolily ny tamanana, fola-nofa ny ombikely, tomboazily ny ombelahy, kolodoy ny ravin-kazo, mihaon-tendro ny tsipolitra, mizaozao ny ahitra. Fa fandrian-dahy ozatrozatina no masina oly aho ; koa matin-dahy raika ity tany ity, fa Andriambahoabesofina no mamono ity tany ity, fa olona mitovy aina amiko tsy mahafaty ity tany ity," hoy Raivato," fa ny raha anaovako azy taptthin ibaba. Mahatsinjo ny lavitra, mahatsinjo ny akaiky ; koa ny biby anaty rano mikafay an' Ivato ;— tsy misy hitaninana andro ; ary ny ambony vohitra tsy misy hitsindrohana, fa, matahotra an' Ivato."

Ary hoy Ranakombe " Akory iha, ry Bonia! Io Boniamanory : manory ny an-danitra, mandrehitra ny an-tany ; manory ny lavitra, fa tsy manory ny akaiky, manory ahy. Mitaki-mahazo, itakian-tst-ahazoana ; tokana, mahamamo tan y. Izay mangirangirana azy any an-danitra anampy azy koa. Ny mifosa azy amy ny lafy efatra anampy azy avy. Ataony hanakana ahy, ka indrai-mifaoka hiany ; fa izato no lahy sarotra," hoy Ranakombe. Fa hoy Ibonia : " Eja nanjary ahy ! " Dia niala teo anatin' ny afo indray Ibonia, ka ny tany nalehan' ny tongony vakivaky, ary tonaandenaboka ny rivotra, ary maina amam-potony ny hazo, ritra avy ny rano ; ka dia molangena (thosarena) a-vokoa ny vahoaka niangona tamin-dRabonia, izay tao anatin' ny afo. Ary rtosafoiny rainy sy reniny sy ny vahoaka izay maty tamy ny nahaterahany, ka dia velona sy nanaritra avokoa.

Ary Ranakombe nanao baiko tamin' Ibonia, fa efa hody rzy. Ary nony nibaiko izy, dia R,aivato kosa intelo mantomboka any Mananivo ; niherikerika ny

lanitra tany amin' andriamanitra, nangoroiroro ny tany, moramorana itiasara (fandroana ny andro), mandrivodrivotra itsia sotry (ririnina), nanihikihy (maina) ny lohataona fa nolaiovan-dahi-sarotra manasarotra ny an-tena, manamora ný an' olona; ary ny azy dia azy rahateo.

Izao no baiko nataon-dRanakombe "Manan-tombo anie raha ataoko Isikinana koa no anaran' io zaza io. Meda io zaza io, fa ataoko Isikindraifosalahibehatoka, Iraisimbeforerarehefahentikanivaniany, Imihabenitratrany ; mirai-boa-vato ny iafaran' ny laolaony (lalaony), misikin-clahy ila-rano ny tenatenany. Iza,ny no sikin-dahi-sarotra," hoy Ranakombe. " A ! tsy tiako izany, ry baba," hoy Ibonia, " fa sikin' ny mpangalatra ; fa fainga-miamboho ny sikin-dahini-pandositra, ; tsy mba manatrika, f'a mitoa-dahy mavozo ; koa izay tojo azy no irangotany, na, vato na hazo, ary faingana mamonjy zohy izy, fa fandosirana izany, ry baba," hoy Ibonia. O ! n,eda io zaza io," hoy Ranakombe, " fa, hataoko Isikindahinandriampapangolahilavaelatra: mikenakena miadana, mifaofao miambolom-body. Izany no sikin-dahy tsy mena-badin' olona,—koa ny tánany tsy mandray azy, fa ny tongony no mandray. Koa izany no mpiebo amy ny tany." " Aky.' tsy tiako izany, ry baba," hoy Ibonia, " fa sikin-dahy lany elatra,—fa tongotra manitsaka ny ratsy no mandrairay hanina.

Meda io zaza io," hoy R,anakombe, " fa hataoko Isikindahinandriantoloholahiboboka: misidin-tsi-avo, mandeha-tsi-be, mitsororo-pihinana, manta fanao toaka ; fiketraham-biny (seza) arivo, filo-volany (fanjaitra) zato ; nahopakopany ilay valo arivo ; la vo tsy aman-tady ny vositra, onabelahy la vo ho azy ateliny tsy mirasa. Fa, izany mifoha amin' antsiva, mandry amin-kazolahy ; izany no mamoha lálana ny andro ho andro, mahalala ny alina ho alina." " Tsy tiako izany, ry baba," hoy Ibonia,, "fa sikin-dahi-mavozo : mandeha, tsv mabataka-davitra ; mandeha, tsy mahatokan-tany, mpitsioka isan' ny vodihazo." "0! medaiozaza io,"hoyltanakombe,"faataoko Isikindahinandriampanclrafitrandriamanibola:milaolao

misikin-dahy anilan-tevana. Ny harananv izao itarafan' ny kibony, ary toa rano-manga ny rirany ; ny endriny roa toa riam-bato ; ny vaniany toa talivola (betaly); ny voavitsin' izany toa andri-be voavankona. Izany no arivo lahy mihina, zato lahy mihaga ; isao-be.niarahana ny sikin-dahiny, arivo vatritra (taolany), zato fandraisana (tánana) ; tsy diasan' ampela mipaopaoka, fa, ampela matotra hiany mandray azy," hoy Ranakombe, izay manamboatrany sikin-dah:in-dRabonia. " Tsy tiako izany, ry baba," hoy Ibonia. " Meda io zaza io," hoy Ranakombe, " fa ataoko Isikindahingarabelahy : ny lelany fihai-drivotra ; ny tenatenany hoatra ny rano-mandry ; ny salakany isampazan-jato lahy. Izany no biby sarotra amy ny tany toa ahy," hoy Ranakombe. " Tsy tiako izany, ry baba," hoy Ibonia, " fa tsy mamono mahafaty ; fa nofirain' olona, tsy mahafaka mora, tsy mandratra ny sarotra. Mitoraka miamboho, mamono amim-pitaka ; mitoraka, tsy mahara-dahy izany, ka tsy tiako," hoy Ibonia. " 0 ! meda io zaza io, " hoy Ranakombe, fa ataoko Isikindahinandriandambozomà; fa somolasola ny loha-salakany, misava-hivoka ; mibohibohy ny andaniny roa, manipaka ny akata, mipika ny rambon-tsalakany, manoto ny hiritra (maso), mandia ny kitro-kely ; ny rambon-tsalakany mandraboa-vato. Izany no dongidongy, izany no kazana, izany no petro, izany no mandidy, izany no saborobotaka, izany no andrianevoka, izany no takalitra ; ny tsy voa ro asa, fa ny voan' izany no saborobotaka, fery be, tsy taha-bady masay ; fa ytsy voany hoatry ny lalovany ; napiny izay no kin siky ny heti - vazahany,—mifaifay be hianyny tsy voa," hoy Ranakombe. " Lahy sarotra anie iza y, anaka e," hoy izy, " sikin-dahy sa,rotra anie izany, anaka e ! " " Tsy tiako izany, ry baba," hoy Ibonia, " fa sikindahy diso tany izany : tsy mahatarika mpanja,ka, tsy mahajery -vahoaka, tsy mahadimbi-tanin-dray, ary tsy mahatan-do van-tena ; fonenana tsy hita fototra, fa izy inaka alin-kandriana, ka mahatratra andro handriana ; tsy manan' anton-koraka, fa halatra no antenainy, saonjo mangidy no vatsy." " Meda io zaza

io," hoy Ranakombe, " fa ataoko Isikindahinandriambavitoalahy : mikorarefa miafara, milaolao mialoha, sikin-dahy volafotsy, fehy vaniana volamena, na sikindahy vasia mandrak' alina (karazam-pilalaovana), valovolana an-kibo. Izany no masoandro ataony anaty : mi r sa, misavily tànana ; tsy vaky andro arara, tsy tsofotr' andro tsy miherina. Izany no arivo lahy manan-tsoa, alin-dahy manam-po,—tsy fotoanin-dahy ratsy, tsy sakin-dahy mavozo ; tany diavin' izany inibaibay foana ka tsy vanon-ko-raha ; arivo lahy mpananina, zato nantsoina,—dia foy. Ny masony man anontanona, ny handriny volan-tsinana, ny nifiny anak' andry voavankona, ny voavitsiny fantara roa nilatsaka an-tany ; antsoro (lefona) avy any an-tany ny tongony, mivembena ny diany. Isoabeinanana no ataony mena-àry anaty, fa ny tsy manan-tsoan' izany no manenina."

Rehefa vita izay nifamalian' Ibonia sy Ranakombe, dia las a nody ho any amy ny fonenany Ranakombe ; ary Ibonia dia teo amin-drainy sy reniny. Ary nisy ankizi-vavin Ibemampaajaka efa-bavy niaraniteraka tamin-dRasoabemanana, ary lahy avokoa ny zanak ireo ankizi- vavy efatra ireo. Dia natolotr' Ibemampanjaka an' Ibonia, ka dia niaraka nitombo sy nilalao tamin' Ibonia ireo andevo-keliny ireo ; fa rehefa lehibe, nahary tanàna ireo izy dimi-lab.y ireo, dia mba lasa nilaolao tamy ny ankizy any an-tsaha.

Ary nony tonga tany amy ny ankizy izy ireo, dia nanu o tsi-lalao ny ankizy ka nifamely tain' omby ; koa dia nizara nifanao andaniny avy izy ireo ; fa tsy nety Ibonia, fa hoy izy hoe : " Hianareo rehetra hiany andaniny, fa aoka izahay dimi-miandevo no ho andaniny." Ary hoy kosa ny ankizy rehetra hoe : " Tsy mahomby anay hianareo, fa vitsy (be ny ankizy tao an-tanànan' Iliolava). Fa tsy nety hiany Ibonia, fa hoy izy : "Mandehana hiany hia,nareo misinda erý fa aoka hiany izahay ho andaniny." Ary dia raikitra nifanoraka izy, ka izay asian' Ibonia—ny voa dia potraka, ary ny tsy voa dia fanina sy nan-,draingiraingy ; koa dia resin' izy dimi-miandevo ny i ankizy rehetra.

Ar'y nony hariva dia nody tany an-tanàna ny ankizy ka nilaza tamy ny rainy aman-dreniny avy hoe : "Nfan ely tain' om by lahy izahay mbamin-dr' Ibonia ; nefa izy dimi-miandevo hiany no andaniny, ary izahay ankizy reiletra eto an-tanànan' Ilìolava kosa andaniny, ka tsy nahaleo azy izahay rehetra." Ary hoy ny rainy aman-dreniny hoe : " Ny hahosanareo, fa izay olona dimy hahaleo an' izao ankizin' Iliolava izao!"

Ary nony tamy ny andro hafa indray dia nilalao tamy ny ankizy tany an-tsaha koa Ibonia ; dia nifamely feta, ka izy dimi-miandevo hiany indray no andaniny, ka tsy nahaleo azy ny ankizy.

Ary nony hariva indray ny andro dia nilaza tamy ny rainy aman-dreniny ny ankizy hoe : "Resin' izy dimi-miandevo indray izahay. ' Ary hoy ny rainyaman-dreniny hoe " Ankizy tsy fanome hanina izany hianareo, raha olona dimy ka haharesy anareo." Ary hoy ny ankizy hoe : "Mba mankanesa angeha hianareo any an-tsaha, raha mankany an-tsaha Inabo e (Ibonia)."

Ary tamy ny andro anankiray dia nankany amy ny ankizy tany an-tsaha indray Iboma, dia nifamely lo ha-tany indray izy, ka tsy nahomby azy koa ny ankizy. Dia gaga ny olon-dehibe izay tonga tany mba hizaha, raha nahita ny fitorajofon' ny nasian' Ibonia.

Ary nony tao aoriana dia nifamely vato indray izy, ka resin' Ibonia hiany indray. Ary nony faraiiy dia nilalao tany an-tsaha ny tovo-lahy rehetra tao Ilio-1a,va sy Ibonia, dimi-miandevo ka nanao bala-hazo (mifanoraka hazo natao mitana, m-bokovoko) sy rango (mifamely totohondry). Ary nony farany dia nanao vikina izy ; ary nony nanezaka ny sasany dia nahafaka faharoa, ary ny sasany faharoa sy mamakitratra, ary ny sasany fahatelo, etc. Ary nony farany dia nanezaka kosa Ibonia ka nihoatra bonga anankiray (làlana hateloana). Ary nony tonga tany an-tanàna ny zatovo-lahy dia nilaza tamy ny olona tao an-tanàna hoe : "Nanao vikina izahay mbamin-dr' Ibonia, ka izy no namely farany indrindra, ka nahatafahoatra irý bonga irý sy nihoatra bonga hafa koa, ka dia tsy hitanay izay nale-

hany." Ka dia gaga ny olona, raha nandre izany, ka, nanao hoe : " Mahita loza isika, raha very ny zanak' Andriana na maty any." Ary raha nahare izany ny rainy aman-dreniny dia tsy nanahy, fa fantany ny satany. Ary nony afakahateloan' andro dia tonga Ibonia (nandeha fotsiny izy rehefa niverina, fa tsy nanao vikina intsony).

Ary nony efa lehibe Ibonia dia tsy nilalao tamy ny ankizy tany an-tsaha intsony. Ary ireo andevolahiny mpanaraka azy ireo, rehefa lehibe, dia novany ny anarany : ilay tiany indrindra nataony hoe *Itiahita,* ary ny anankiray nataony hoe *Itsimiasarobako,* ary ny anankiray *lmahalanantsalta,* ary ny anankiray *2zovola.*

Ary niara-nipetraka tamy ny rahavavin-dreniny (Endriavelo) teo am-bavahady mifanorona Ibonia (lohataona ny andro tamin' izay). Ary hoy Ibonia : " O, Endriavelo ! mitehina ho lohataona izao ny andro, koa, miongy (miasa) ny vahoaka, fa izaho kosa manina an' Iniasaimananoro."

Ary hoy Endriavelo : " Aoka, anaka, fa hianao mihatsaika mifelatànam-behivavy ; Ivato anie ka soríba, Ivato anie ka varatrae !" " 0! Endriavelo," hoy Ibonia, " anao anie aho ka mora, fa raha an' olona anie aho ka sarotra. Izaho trano-be: tazana ka tsy ahazoana ; fa raha ahazoana aho, mandratra."

Ary hoy kosa : " Milomanosa hianao, aba, milom nosa hianao, aba ; fa teraky ny volana, zafin' ny masoandro, erý anivon' ny lanitra, ary teraky ny tsy endrikendrehina ho andria na, fa teraky ny andrian-drahateo, zafin' Itsilanitantara, koa masíua anjelajelatra eny Iliolava."

" Aky ! " hoy Ibonia, " miandra aho, vaky ny lanitra ; miondrika, aho, vaky nyta,ny ; mibirioka aho, may ny ala atsinanana ; hitsahiko ity tany Iliolava ity ka, iniporopotaka milohan-drere." Ka nongodonin' ny tongotr' Ibonia ny tany ka nihetsika sy nihorohoro hatrany 1VIananivo, izay itoeran-dRaivato ; dia nianjera ny entana eny an-toeran-entana. Ary hoy Iraivato **hoe : " E! tsy hitako lahy izay ho faran' ity tany**

Mananivo ity, fa ho resin-dah' iraika masin' oly (ody) no hozatina ny tany. Koa ny manam-bondraka la,hy dia mamonoa, ny mana-mahia lahy dia manakaloza ! "

Ary hoy Andriavahoabesofina (rain-dRaivato) : "Ny hahosan' ialahy, fa inona no horesin-dah' iraika masin' oly no hozatina eo ny tany!"

" 0 !" hoy Raivato, " atao ho mpahalala ibaba, fa tsy mahalala ; atao ho mpahatadidy ibaba, fa tsy mahatadidy." Ary dia. nijanona tsy niteny Ivato, fa lasa niolonolona izy, fa tamin-jo. Ary Ibonia kosa any Iliolava dia niala teo am-bavahady ka nandeha nody any an-trano. Ary nony tamy ny indrai-andro dia nifanorona teo an-trano indray Ibonia sy Endriavelo, rahavavin-dreniny, ka dia niteny Ibonia hoe : "Nofofoiko fahatsaika, novinaliko fahazaza. Koa maty, tsy airitro aman-tany ; velona, tsy omeko lahy." Ary hoy Endriavelo hoe : " Aoka, anaka, fa tsy hany vehivavy iny." Fa hoy kosa Itiahita hoe : "Milomanosa hianao, aba, milomanosa hianao, aba ; koa masina hianao, ryIbonia, matahi-manana, matahi-manarivo, tsi-ota, tsi-adika, saonjo-lahy natelin' Iliolava ka hitaly (mirandrana) any Mananivo."

" Aky, lahimbe 1" hoyIbonia," ny anaran' ity sabohako ity, izay ho entiko miady amin' Ivato, dia ataoko hoe Isabohamaromitoky, Ilefomaromahay, Itefialahady, Isomoronalatsinainy, Iatreboantanetiamantrandraka, Iatreb o amandranoaminamalona. — Saonj o-lahy an-kihikara ity : tsy hadim-body, tsy alain-dravina ; koa raha tsy rivotsa (rivotra) no manolola azy tsy miavotsa izy."

Ary hoy indray izy : " Aky, lahimbe ! ny anaran ity andronako (famaky) ity dia Ivilahitsimiarozahana, Itombohindakantsimirona, Ifiverotsimitovy, Itsimitafaminimongo, Itsimisainamindohalika, Ihavelomanatsimbaitoviana, Ifarofatiroitoviana."

Ary hoy indray koa izy : " Aky, lahimbe ! ny anaran' ity antsiko ity dia Imandiditsiamintsambia, Imamakitsiaminandronana, Izafinimarialava, Itsimanankompianafamanankovonoina."

Ary hoy indray izy : " Aky lahimbe ! ny anaran' ity

bariako (omby) ity dia Iterakimangavola, Ifirohamaneto, Ifirohamanitrafo ; ka raha nobaikoina dia manao fari-bolana ; mamadika, manao danavo (miadana) ; mino-rano, manao lehilava ; mandry, manao zain-aloka (be aloka) ; homana, manao sorom-piana ; terena, mahasoa tany ; fanjory, fa mahamasin-kova."

Ary dia lasa Ibonia nankany amin-dRanakombe. Ary nony tonga tany izy, dia sendra nitanin' andro Raliakombe ; ary dia hoy Ranakombe : "Ihia lahy izao manako-mahamay ahy izao ! Izao va lahy no hibehatoko ? izao' va no Andriambavitoalahy, izao va no Ikabikabilahy, izay mandrasarasa ny tsy hatokona, mandidy ny tsy hohanina ? izao va no Andriantsifamaho ?" Ary dia tsy niteny Ibonia. Ary hoy indray Ranakombe : "Izaono Iboniamaso, Iboniamanory, Imahiamibonaika ; fa matavin' ady : raha miady anio izy hoatry ny bonga ; fa, raha tsy rniady izy dia hoatry ny fofy, ka dongan' ny mirehareha, fa mahian' ny mandefitra." Ary namaly Ibonia ka nanao hoe; "Eý, ryEndriavelo!" "Akory àryny halehanao, ry Ibonia hoy Ranakombe. Ary dia, namaly Ibonia hoe : "Tsy manan-java-mahory aho, Ranakombe, fa izao no mahory ahy : ny fanambadiana hiany ; fa lasan' ilay loza, ilay antambo, ny vadiko, ka haka an' Imasaimananoro aho, fa nofonofoko fahatsaika, (vao torontoronina,), ary novinaliko fahakely; ka mat , tsy airitro aman-tany ; velona, tsy omeko lahy." Ary dia, namaly Ranakom.be, amin' izay vinany fanaony, ka nanao hoe : "Mandehana hianao amin' iny ala atsinanana iny, ka mitondrà ornby mena tokam-bolo, ka dia midira ny ala ; koa raha sakanan' ny lambo hianao dia aza mandeha ; fa raha sakanan ny hitsikitsika kosa hianao dia mandehana ; fa hiteny avokoa ny hazo rehetra ao an-ala ao ka, hanao hoe : 'Izaho no Itokambololona, sy Itokamahasesitany, ary izaho no Imenaringitra.' Dia valio hoe : 'Isy izy hianao, fa, mpiharnbo.' Ary rehefa oinby ao amy ny ody hianareo, dia tsy maintsy hisy rambondanitra ny andro, —fa tsy hiteny izy ; ary dia mitenena hianao I;oe : 'Raha hianao no Itokamahasesitany, sy Itokambololona, ary Imenaringitra, dia, ampitsaharo ny rivotra,

sy alavoy tsy amin-kofehy ny omby, ary areheto ny afo handorana ny omby ; ary mitohiza tena, ka misampaza atý amiko, raha hahasoa ka hahatsara.' Ary rehefavita izany," hoy Ranakombe, " ka tanteraka avokoa izay ibaikoanao azy, dia mankanesa, eo amorondrano hianao, ry Ibonia ; ka raha milentika ny masoandro, dia misitriha ao anati-rano hianao sy ny ody,—fa raha maharitra mandra-piambohon-dravina ny andro hianao vao mitranga, dia azonao ny vadinao, ry Ibonia, ; ary raha tsy haharitra izany hianao dia aza mandeha, fa tsy hahazo azy, fa ho fatin' Ivato hianao."

Ary dia lasa Ibonia nitondra ilay omby mena tokambolo. Ary raha tonga teo am-bavan' ny ala izy dia niteny hoe : " Raha tsy hahasoa ahy izaohaveniko izao, dia mitsoriaha lambo-lahy ; ary raha, hahasoa ahy hiany kosa, dia mitsoriaha hitsikitsika." Ary dia nisakana azy ny hitsikitsika. Ary nony niditra tao anati-ala izy, dia niteny ny hazohoe : " Izaho no Imenaringitra." Ary ny sasany nilaza hoe " Izahono Itokamahasesitany." Ary ny sasany nanao hoe : " Izaho no Itokambololona." Ary hoy Ibonia : " Tsy izy izany, fa mpihambo." Ary nony tonga teo amin' Imenaringitra Ibonia, dia namelondrivotra ny andro, fa niolaola ny hazo, dia niteny Iboniakananao hoe : " Raha hianao áry no Imenaringitra, dia alavoy tsy amin-kofehy ny omby, ka ampireheto ny afo handorana ny omby ; ary mitohiza-tena, ka misampaza etý amiko. Ary raha hahasoa ka hahatsara ahy áry hianao, dia mifatrara ao anatin' ny omby hianareo ra vin' ity hazo ity izay sisa nitohizana. Dia nifatratra tao an-kibon' ny omby ny sisa nitohizana." Ary hoy indray koa izy " Raha hahasoa ahy ka hahatsara ahy, dia samia miverina indray amy ny tany nitoerany. Ary izay nolazain' Ibonia dia vitan' ny ody avokoa. Ary dia lasa lbonia nankeo amoron-drano ka niandry ny masoandro hilentika teo ; ary nony efa nilentika ny masoandro, dia mba nilentika tao anati-rano izy sy ny ody, ka naharitra mandra-piambohon-dravina ny and.ro vao nipoitra. Ary dia nody izy nankany lliolava. Ary nony tonga tany izydia, nitsatoka teo am-bavahady indray, ka nofoseriny ny tany inaina, ka dia

difotra hatramy ny heliny no ho midina ; ka ny olona izay nivoaka sy niditra teo an-tanàna ka nitondra entana : na siny, na vary, na kitay, etc., dia notsindroniny ny lefona avokoa, ka latsaka any an-kady avokoa, (ny zava-miaina no tsy mba notsindroniny). Koa dia nilaza tamin' Ibemampanjaka sy Rasoabemanana ny vahoaka ka nanao hoe : Tonga ao am-bavahady Ibonia, ka fahirano izao ny vahoaka ; fa ny entana rehetra izay mivoaka sy miditra dia tsindroniny ny lefona,',ka latsaka any an-kady avokoa." Ary nony nandre izany Ibemampanjaka,—dia niteny tamin-dRasoabemanana hoe : " Injao izao zanakao izao, Rasoabemanana, fa raha i2aho no mivoaka any, dia matiko izao zanakao izao." Ary hoy Rasoabemanana, : " Endre, ry Ibemampanja,ka ! tsy teraky ny irery, fa, terak' iombonana,--ka raha matinao, dia tsy misy loza."

Dia nivoaka Ibemampanjaka ka nanao hoe : " Mivoria, ry Iliolava." Dia tafangona ny vahoaka. Dia, nasain' Ibemampanjaka namory vato hitorahana any Ibonia. Fa tsy azo nakakezina Ibonia, fa raha manatona azy dia tsindroniny ny lefona. Ary dia nitoraka azy ny vahoaka, ka dia tsy nahavoa azy ; kanefa efa hoatry ny fanataovana ny habetsahan' ny vato izay nitorahana azy. (Dia izany, hono, no msehoan' ny fivavahana tamy ny fanataovana.) Ary dia nody ny vahoaka sy Ibemampanjaka, fa tsy nahavoa toraka, azy.

Ary dia nivoaka kosa Rasoabemanana ka nidoladola, teo an-tokotani-be, ka nitaingina teo ambonin' ny va,vahady, ka nianjonanj ona sady nanao tarehin-olo-miavona, dia niteny izy hoe : " Akory moa, Ibonia, no lahi-raty (ratsy), lahi-mavozo ? Hanao ombelahin' Imozy va : hakorain-tsi-hitrena, ambosin-tsi-hiady, ary vositra tsy halemi-hena, ombivavy tsy hisotroan-dronono ? fa salasala toyny adin' ondrilahy : akoraina, tsi-mifampilanja; avela hiany, mifamaki-loha? Ka tsy haiko ity an' Ingolimby ; fa raha mahery moa Ibonia, tsy ato avaratanàna va ny mamba be, ka na omby na olona, izay mihelina eo dia laniny ; ka raha lahy tokoa Ibonia dia ao miady."

Dia nitsoaka tamy ny tany Ibonia ka niteny hoe "Eja

nanjary ahy! anao anie aho ka mora, fa raha an' olona anie aho ka sarotra e ! Fa izaho fela-tànam-papango, tongo-boromahery : tsy omena aho, mahazo ; omena aho, mahazo rahateo ; fa raha *raha* (zavatra) tinainako tsy votsotsa (votsotra)." Ka dia niantso any Itiahita sy Itsimiasarobako sy Imahalanantsaha ary Itiaranovola izy ka nanao hoe : " Mandrandràna kofehy, fa hiady amy ny manf)a ato avara-tanàna aho." Dia niainga izy ho any amoron-drano, ka nafatony tamy ny heliny ny kofehy, dia nilaza izy hoe : "Raha avy erý arà no mipoitra ny ra, dia sariho, fa matin' ny mamba aho ; fa, raha avy erý an-ava kosa no mipoitra ny ra, dia sariho, fa matiko ny mamba." Ary dia niroboka any anati-rano izy, dia nandramby azy ny mamba (tokony ho intelo mahamasa-bary no niadiany tao), ka dia matiny ny mamba, ka nipoitra terý an-ava ny rà ; koa dia faly izy cfa-dahy, ka dia nosarihiny faingana ny kofehy izay natao marika, ka dia nanaraka Ibonia, ka nororitiny koa ny mamba. Ka dia hoy izy efa-dahy hoe : " Masy raiko-be, masy raiko-be ! Hay, Ibonia varatra, soriba i Nabo, fa tsy olona ! " Koa dia faly ny teo an-tanána, fa ma,ty ny mamba, mpihinana ny fananany. Ary dia nody indray Ibonia sy ny ankiziny, ka nitsatoka teo am-bavahady indray izy, ka dia, nanao fahirano ny teo an-tanàna, toy ny teo aloha hiany,—hanindrona ny entan ny olona toy ilay teo aloha hiany. Ary dia niteny indray Ibemampanjaka tamin-dRasoabemanana ka nanao hoe : " Injao izao zanakao izao . fa raha izaho no mivoaka eto, dia matiko izao zanakao izao." Ary dia namaly toy ny teo aloha hiany Rasoabemanana.

Ary nasain Ibemampanjaka navoaka indray ny lefona, dia nasainy holokana ny lefona Ibonia, fa tsy nety voa hiany indray izy, fa nailiny tamy ny kilangaly ny lefona, ka tsy nisy nahavoa azy. Ary nony ela dia nody Ibemampanjaka sy ny vahoaka, fa sasatra. Ary dia nivoaka indray Rasoabemanana ka, nanao toy ilay nataony teo aloha hiany hoe : " Hay, Ibonia lahi-ratsy, lahi-mavozo, ete. !—ka raha mahery Nabo dia aoka, hiady a,min' Isambilomavitrika, fa izy no biby mahery indrindra, ka aoka handeha hiady

aminy, raha mahery." Ary dia hoy Ibonia "Eja nanjary ahy ! anao anie aho ka mora, fa, raha an' olona anie aho, ka sarotra. Fa Isambilomavitrika—raha eo ambany hotrony aho, tsy voahitsany ; an-traingovazany aho, tsy voatsipany ; am-balanoranony aho, tsy voatsakony ; an-tendron-tandrony aho, tsy voasoitrany. Fa izaho no lahimatoa amy ny tany." Dia nitsoaka niala izy ka niantso ny andevolahiny efa-dahy indray mba ho any amin' Isambilomavitrika. Ary nony tonga tany izy, dia nasainy niantso an' Isambilomavitrika ny andevolahiny. Ary hoynyandevolahiny hoe "Atao ahoanano fiantso azy ? " Dia hoy Ibonia : " Ataovy hoe : Ry Isambilomavitrika irý e! ry Isambilomavitrika irý e ! tolaka (todiha) atý, fa tonga ny olon-kialy (hiady) aminao.'" Dia niantso toy izany ny andevolahiny. Ary raha ren' Isambilomavitrika ny antsony, dia avy nanatona izy ka nifofofofo nanangan-tadio mba, hanatonaan' Ibonia hiady aminy. Ka nony tonga teo amin' Ibonia izy, dia notendren' Ibonia ny kilangaly ny handriny, ka tsy nahatoto azy izy. Ary dia nanalkitra, an' Ibonia indray izy ka tsy nahakaikitra azy, fa, hery nanao teli-moka, an' Ibonia no natao ; nefa nivoaka any amy ny tendron-drambony Ibonia, ka nohosihosen' Isambilomavitrika indray izy, fa tsy voahosiny ; ka dia nateliny indray Ibonia, dia nokotikotehin Ibonia indray ny atin' Isambilomavitrika, ka maty izy. Dia nentin' Ibonia ny tandrony hody any Iliolava.

Ary dia nitsatoka teo am-bavahady indray Ibonia, dia nanindrona ny entana toy ilay fanaony hiany. Ary dia nilaza tamin' Ibemampanjaka indray ny vahoaka. Ary dia naniraka an-dRasoabemanana toy ny fanaony hiany izy. Ary Rasoabemanana koa dia nanao toy ilay fanaony hiany. Ary dia nasain'Ibemamp anjaka navoaka indray ny basyhitofiranaan' Ibonia,katsy naha,voa azy.

Ary dia nivoaka indray Rasoabemanana, ka nat- nao hoe : " Raha mahery Ibonia, aoka hankany amin' Ikabikabilahy, izay mandrasarasa uy tsy hohanina, manokotoko ny tsy hatokona." Ary hoy Ibonia " **Eja nanjary ahy ! fa izaho no Itokamahasesi-**

tany. Tsiriry amboni-rano aho : doroana aho, tsy mety may ; oroana aho, tsy mety forehitra. Ary nifin-akanga an-tanety aho : vonoina aho, tsy mety maty ; dorana aho, tsy mba may ; ozonin-ko faty aho, vao ela velona ; ka raha *raha* (zavatra) tinainako tsy mba votsitsa."

Ary dia nitondra ireo mpanompony efatra ireo indray izy ho any amin' Ikabikabilahy, ka dia hitany teny amy ny fanonta ombimanga (fisamborana ombimanga) Ikabikabilahy.

Ary dia izy tamin' Itiahita mpanompony : " Antsoy, ry Itiahita, ka ataovy hoe : Iza moa iny manenjika ny ombin' Andrianabo iny O?' " Ary dia nanezaka niantso araky ny teny nomeny azy Itiahita.

Ary nony nahare Ikabikabilahy dia niherika, ka hoy izy tamy ny namany : " Mangina hoe, lehiretsy á !" Ary dia hoy indray Ibonia : "Antsoy indray fa indro izy mihaino." Ary dia niantso indray Itiahita hoe : " O, aza enjehina, hono, ny ombin' Andrianabo."

Ary dia namaly kosa Ikabikabilahy ka nana o hoe : " Ny ombin-dRasoalao tsy misy tompony, fa izay mahery no tompony." Ary dia mantso indray Inabo hoe : " Tsy Rasoalao no tompony, fa Inabo. Fa inona no zaka tadiavin' Ikabikabilahy amiko, no mila aly (ady) arnin' Inabo Ikabikabilahy ?

Ary hoy kosa Ikabikabilahy : " A! tsy Inabo lahy no tompony, fa Rasoalao ; fa raha hialy amiko Inabo, dia aoka, hialy itsiena (isika), fa Inabo angaha tsy inahalala an' Ikaby, izay mandrasarasa ny tsy hatokona, ary manokotoko ny tsy hohanina."

Ary dia namaly kosa Ibonia ka nanao hoe : "Izaho no toka-mahasesi-tany, tsiriry amboni-rano : dorana aho, tsy inay ; oroana aho, tsy forehitra ; ka raha *raha* tinainako dia tsy mba votsitsa."

Ary dia nifampitifitra izy roa lahy ; ka tsy nisy naratra, fa ny lamba no kotika. Ary dia nifampitombodefona indray izy, ka tsy nisy naratra. Dia nifanavika indray izy ka nifanontona tamy ny tany. Ary dia nanontona an' Ibonia Ikabikabilahy ka nahalatsaka mamaton-dranjo. Ary nony efa nitsatoka teo Ibonia,

dia mba natontony kosa Ikabikabilahy, ka latsaka hahelika. Ka hoy Ikabikabilahy : " Aky ! ambin-clapanao aho, ry Nabo ! " Dia resy Ikaby.

Ary nody indray Inabo ka nitsatoka teo am-bavahady hiany, toy ny fanaony teo aloha, ka nanindrona ny entan" izay niditra sy nivcaka teo. Ary dia lasa indray ny vahoaka nilaza, tamin' Ibemampanjaka, sy Rasoabemanana, toy ny teo aloha hiany. Ary dia hoy indray Ibemampanj aka tamin-dRasoabemanana : " Inj ao indray ny zanakao, Rasoabemanana, fa tsy miova ny fanahiny ; ka raha tafavoaka any aho, dia vao izao tokoa vao matiko izy." Ary dia hoy Rasoabemanana : " Ataovy izay saim-pantatrao, ry Ibemampanjaka, fa raha inatinao rainy izy, dia tsy mba loza,—fa zana-mamba natelin-dreniny, ka lanin' ny kibo nitoerany."'

Ary dia nivoaka indray Ibemampanjaka mba hiantso ny tao Iliolava. Ary nony vory ny vahoaka, dia hoy izy hoe : " Tofiro amy ny tafondro io." Ary dia namely azy tamy ny tafondro indray ny vahoaka, fa, tsy nahavoa azy ; fa, nony nisava ny setroka avy amy ny tafondro, dia indro eo hiany Ibonia : hit , tsy maty, tsy naratra, fa, velona tsy naninona tsy naninona. Ary nony ela dia reraka ny mpandefa tafondro, dia nody izy sy Ibemampanjaka.

Ary nivoaka kosa Rasoabemanana kanankeo an-tokotani-be indray, ka nidoladola ho any am-bavahady, ka, nianjonanjona nanao tarehin' olo-miavona, ka nanao hoe " Lahi-raty, lahi-mavozo Ibonia, izar manao ombelahin' Imozy : akorakorain-tsi-hitrena, ete. Fa, raha mahery Ibonia, mankanesa any amin Andriambavitoalahy, fa izy no mahery."

Ary dia niteny Ibonia hoe : "Eja nanjary ahy ! anao anie aho ka mora, fa raha an' olona aho ka, sarotra."

Ary dia nandeha izy ho any amin' Andriambavitoalahy, ka nitondra ilay andevolahiny efa-dahy fitondrany indray, sy ombelahy dimy, ary vatsy.

Ary nony tonga tany amy ny vohitr' Andriambavitoalahy izy, dia tsy nisy olona, teo. Ary nony hitany, fa tsy nisy olona teo, fa foana ny vohitra, dia hoy Ibonia tamin' ireo mpanompony ireo : " Nankaiza re,

zalahy, izay olona teto e ? fa he ireto fanaka madinika ireto mbola eto hiany avokoa afa-tsy ny zava-manan' aina." Ka dia hoy izy tamin ilay mpanompony anankira,y hoe : " Mipetraha eto ialahy, ka mamonoa omby anankiray, ka dia, andrahoy mandra-piverinay ; fa, izahay handeha hiharana izay nalehan' ny olona teto an-tanána." Ary nony nahandro sy nitono ilay andevolahiny, dia maimbo-erona ny hena. Dia nisy biby anankiray lehibe avy tany an-dranomasina niakatra ny tanána mba hihinana ilay ardevolahy navelany teo sy ny hanina nahandroiny (lo biby io no nihinana ny olona teo an-tanàna sy ny zava-imaina rehetra). Fa Ibonia efa lasa. Ary nony nahita ny biby ilay andevolahy dialasa nandositra (ny haben' ny biby dia hoatry ny tendrombohitra). Ary dia noharangaranin' ilay andevolahy ny biby, ka irdro nihinana ny hena izy ,--dia gaga izy ka nihevitra izay hilazana amin' Ibonia. Ka hoy izy amy ny eritreriny : " Holazaiko amin' Ibonia manko io, dia miady amin' io izy ka maty,—ary tsy ho lazaiko aminy io, dia tsy havelany aho raha tsy milaza izay anton ny nahalamana ny hena. Aoka re tsy ho lazaiko, fa izay ataony aoka hataony."

Ary nony tonga Ibonia dia n.iteny hoe : Loary ny hanin;" Ary dia hoy ilay andevolahy hoe : " Nilaozako nisakan' omby, tompoko, ka tsy hitako izay nihinana, azy." Ary dia tezitra Ibonia ka nanao hoe : " Hitako hoy ibaba hoe : Tsy hahavelona anao ireo, ry Ibonia, fa mitondrà oIo-maro '"

Ary nony ampitso indray, dia ny andevolahy hafakoa indray no navelany, ka nasainy novenoina indray ny omby iray, ka dia lanin' ny biby toy ny teo aloha hiany. Ary dia nampifandimbasmy toy izany avokoa izy efa-dahy, ka, dia anankiray hiany no sisa ny omby. Ary hoy Ibonia : " Mandehàna kosa, hianareo mba miharàna izay clona izay ; fa izaho kosa no aoka hijanena."

Ary dia naba lasa kosa ireo mpanompony ireo ; ne tsy nandao lavitra azy, fa nanarangarana azy hiany, ka nanao hoe " Hahita loza isika, Ihndrao ho faty ny zanak' oiona ; fa iny biby iny **no** nihinana ny olona

teto." Ary dia novonoin' Ibonia ny omby ka natoko. ny, ary nitono tamy ny salazam-by koa, izy. Ary nony nahare ny maimbo-erona indray ny biby dia niakatra ka nanao hoe : " Loary ny masak.a, atokony ny manta, fa tonga aho nanaovana, azy." Ary dia taitra, Ibonia, ka niherika ; ary nony nijery ny biby izy dia niva-di-po. Ary dia niteny hoe : " O, akory moa, ry Itokambololona, ry Itokamahasesitany, ry Imantabemantahola,! Fa handroso aho, todin' ny zaka-mahery ; himpody aho, menatra an-driraiko." Ary dia niolaola, ny odiny tamin' izay, ka nodorany ny salazam-by, ka dia, natahotra kely ny biby ka niahona, dia nana,o hoe : " Mbelà, fa olona, arivoarivo sy ornby a1nalina teto dia laniko avokoa ; ka olona iray ka hiandry ahy ! " Ary mbola nodoran' Ibonia ho mena vay hiany ny salazam-by. Ary nony handrapaka, azy ny biby dia riotsipazany ny vy, ao am-bavany, dia niantsambotsambotra ny biby, fa, nikotrakotraka tao ambavany ny vy ka tsy nety nivoaka ; dia maty ny biby. Ary dia notatahan' Ibonia ny kibony, ary dia indreo avokoa ny olona sy ny zava-manan' aina izay nohanin' ny biby,—dia mbola velona avokoa ireo rehetra ireo, fa tsy mbola, nisy maty ; nefa, samy nahia dia nahia avokoa. Ary namelona ireo olona ireo sy ny zaya-manan' aina rehetra izay tao Ibonia, ary dia velona avokoa izy rehetra. Ary dia niteny Andriambavitoalahy sy ny vahoaka, ka nanao hoe : " Maty no ho yelona, izahay, ry Ibonia, ka dia aoka aho ho zanakao sy hanoa, anao, fa aoka hiana,o no ho tompon' ny tany sy ny fanjakana." Ary dia tsy nety Ibonia, fa hoy izy hoe : " Ileovy ny taninao sy ny fanjakanao, fa, izaho mbola haka an' Iampelasoamananoro, fa hany ataoko aminao : mifindrà fonenana, fa andrao mana-namana iny biby iny." Ary dia nifindra fonenana ny olona. Ary nony nody Ibonia dia tsy nitsatoka teo am.-bavahadin' Iliolava intsony. Ary dia faly ny rainy sy ny reniny ka nanao hoe : " Tsi-koza (tsy adala) ny oza (zaza), tsy lohataon-drehareha ; fa lohataona ny andro izao, ka miongy ny vahoaka ; fa, Inabo kosa manina mala,helo an' Imasamananoro." Ary dia namaly Ra,

soabemanana ka nanao hoe : "Hianao re, ry Ibonia, dia mihafela-tánan-jaza, mihafela-tánam-behi vavy, ka dia tsy haharitra ny vango-vin' Ivato tsy akory hianao. Fa Ivato anie ka varatra sy soriba, fa ny rantsan-tànany dia solon-tandrony ; ary ny totchondrmy dia ataony tantanana ; ny lohany dia ataony riandriana !" Ary dia namaly kosa Inabo ka nanao hoe : " Nofonofoko fahakely, novinaliko fahatsaika Iampelasoamananoro ;—ka inaty, tsy airitro aman-tany ; velona, tsy omeko lahy, dia tsy omeko ho an' olo, fa valiko (vadiko)." Ary dia namaly indray Rasoabemanana hoe : "Aoka re, ry Inabo, fa raha vady koa no tadiavinao, dia ny zanak' Andriambahoaka andrefana ao hiany,—mba, andriana anie izany e !" Ary dia nanaiky hiany Inabo, ka dia nalaina hiany ilay zazavavy ka tonga. Ary dia niteny Inabo hoe : "Ampodio io zanak' olona io, fa lava volomaso, mpangari-dahy miditra. Fa raha ny soa, izy dia soa, ; ary raha ny tsara izy dia tsara. Ka omeo vola, omeo voahangy.'

Ary dia naka ny zanak' Andriambahoaka atsimo indray izy. Ary nony tonga indray io, dia hoy izy : "Raha ny soa io dia soa ; raha ny tsara io dia tsara ;—fa saingy hany tsininy kely, dia vakivaki-tongotra, mpitondra dridra miditra, mpitondra fasika am-pandriana , lava-hoho tsy manai-drary. Kca ampodio io zanak' olona io, ka omeo vola, omeo voahangy."

Ary dia nahare Andriantsifamaho, ilay anadahin - drenin' Ibonia (any Imanambaho no fònenany), dia, nanao hoe : " Mandehana ialahy, ry Ilaimazoto man-kany Iliolava . ka lazao an-dRanaotra sy amin-dRasoabemanana ary amin' Ibonia izao teniko izao, ataovy hoe : Raha vady hiany, hono, no ilainao, ry Ibonia , dia ny zanak Andriantsifamaho, hono, mba andriana hiany, mba mpanjaka hiany. Ary ny fitaratra izay ananany dia fitaratra volamena ; ny fandraotrany koa dia volafotsy. Koa raha mandeha izy toy ny liirebika ; raha miyerina izy toy ny hitsinjaka.' Ary nony nahare izany Inabo, dia hoy ny navaliny hoe : " Izao no ambarako aminao, irat' Andriantsifamaho lazao azy izao teniko izao hoe : Ha-

laiko eroa, am-parafara, hianao, hapoko amy ny toko, sy hazerako eroa am-baravarana, ary hatontako eroa, an-kady.' Dia lazao azy izao ; fa, raha manaiky izao ibaba, dia tsy hialy aho, fa aoka, ho an' Ivato ny valy ; fa ny zanak' Andriantsifamaho no ho valiko. Ary koa : Hodorako ny motro (afo) ny tranony sy ny vohiny, nefa tsy havoakany ny entana ; ary hotapahiko ny lohan-janany, ka hahantoko eo am-bavahady, mba hitaing,enan' ny hitrika (vorona), ka, hohania' ny antima-lahy.' Ary raha manaiky izany koa, ibaba, dia, tsy hialy aho ; fa aoka ho an' Ivato ny valy, fa ny zanak' Andriantsifamaho no halaiko ho valy."

Ary nony nahare izany Andriantsifamaho dia tezitra ka nanao hoe : " Aoka handeha amin' izay tiany izy ka hiady any, fa izay mahery dia zanako."

Ary dia niteny tamin-dR,asoabemanana Inabo ka nanao hoe : " Ny lálam-bady anie ka mahafaty,—ka aoka aho haka any Iampedasoanaananoro. Ka ity akondro ity no amboleo, ka tondrahy rano matetika ; fa, raha malazo io, dia marary aho,—ary raha maty io, dia mba, maty aho,—ary raha maitso io, dia inba tsara. aho. Fa izaho hikipikipy hihoatra ny bonga ; fa raha mandia tany aho, dia mandrevorevo ny tany,—ary raha manitsa-bato aho, dia mikoriana an-dranam-bohitra."

Ary dia niainga izy ka nikipikipy, dia tonga tao amy ny ony Mananivo. Ary dia niteny ny mamba ka nanao hoe : " Sasatra ny miaina angaha hianao, fa sa volin' ny misento, no hita eto ? Omaly omby zato sy olona arivo ho tafita eto ! " Ary dia namaly Ibonia ka nanao hoe : "Tafita aho." Ary dia niroboka izy. Ary dia nirampy azy ny mamba, ka nopehiny ny vohon-tànany ny mamba, ka, hoy ny mamba : "Aky, am-boho afy ! " Dia notaingenan' Inabo teo amboniny ny mamba. Ary nony nandeha kelikely dia niteny ny mamba, ka, nanao hoe : " Hatreto no anjarako, ry Inabo , fa any ny antsantsa no sisa." Ary dia niala Ibonia. Ary ciia tamy kosa ny antsantsa ka, niteny hoe : " Tsy tafita, eto hianao, fa omaly aza olona zato sy omby arivo nitady hìta teto, fa, tsy tafita ; ka hianao irery ho tafita eto ! " Ary dia

namaly Inabo ka nanao hoe " Tafita e ! " Ary dia avy ny antsantsa hipetaka azy, ka dia novikininy teo andamosiny, sady noporiporitiny ny lamosin ny antsantsa, ka nipoapoaka, ny taolany. Ary dia niteny ny antsantsa ka nanao hoe : " Aky, am-boho afy !

Ary dia nanao toy izany avokoa ny biby rehetra tao anati-rano ; dia tafita ny rano tany Mananivo Ibonia.

Ary dia tsy niakatra teny an-tanàna nefa Ibonia, fa nankany amin' Ikonantitra, izay mpiandri-sahan-dRaivato. Ary nisy fantsakana teo amy ny saha, sady nisy vato lehibe teo, ka, dia nitaingina teo Ibonia ; dia avy Ikonantitra, hantsaka, ka nij ery ny rano teo am-pantsakana, dia nahita ny tandindon' Ibonia teo anati-rano Ikonantitra, nefa, tsy nahita ny tenany teo ambonin' ny vato. Ka dia hoy Ikonantitra : " Tarehiko soa, ity moa ka ho entiko mantsaka ! " Ka, dia novakin' Ikonantitra, hono, ny siny,—dia, lasa nody any a,ntrano izy. Ary dia, nandra,y fitaratra izy ka nizaha ; ary nony nizaha, hono, dia hafa, fa tsy tahak' ilay teroa anati-ra,no. Ary dia lasa niverina indray Ikonantitra ka, nankany am-pantsakana, ka dia niherikerika ka nahita an' Ibonia eo ambonin' ny vato, ka dia nanao hoe : " Mila loza hianao ! maninona:eo hianao, tompokolahy ? Fa Iraivato tsy mba tia olon-tsoa, fa izy olon-tsaropiaro, ka vonoiny avokoa, raha olona soa no mankatý Mananivo." "Eny, ry aba, fa aoka hisafa (hitafa) isika, mianaka," hoy Ibonia. Ary dia hoy Ibonia: " Firy àry 110 vadin Ivato ? " Ary dia hoy Ikonantitra hoe : "Itatsimahaveripatsa, sy Ratsitanandro, sy Ratambolafotsy, sy Ingalatinefy, sy Ratsirivalinampanga, ary Iampelasoamananoro." Ary dia hoy indray Ibonia : " Iza moa ro tian-dRaivato indrindra ?" Ary dia namaly Ikonantitra hoe : " Samy tiany hiany avokoa izy rehetra, fa, Iampelasoamananoro no tiany indrindra." Ary dia hoy indray Ibonia : " Moa raha miakatra mamangy andriana hianao, ry Ikonantitra, inona avy no mba fitondranao ? " Ary dia namaly indray Ikonantitra, ka nanao hoe : " Ka inona moa, ry afy (zafy), no fitondrako fa akondro masak' ifotony sy voanana sy anana, ary voasary sy zavatra madinidinika ! " Ary dia hoy indray

Ibonia : " Aiza nefa, hianao no ma mantana, raha tonga any? " Ary hoy Ikonantitra hoe : " Ao atsinanan-kianja, ao amin' Ingarabelahy." Ary dia hoy indray Ibonia hoê : " Ary iza io trano fandriany, rehefa alina ny andro, ry Ikonantitra ? " Ary dia namaly hiany Ikonantitra : " Ao atsinanan-kianja, ao amin' Iampelasoamananoro, no fandriany, fa ao no itoeran' ny hanina mamy sy ny hanim-py rehetra." Ary dia hoy Ibonia : "Andeha isika mianaka, ry Ikonantitra, ho any an-tranonao, mba, hahandro hanina." Dia hoy Ikonantitra : " Andeha, áry." Dia riandeha izy mianaka mba hankany an-tranon' Ikonantitra. Dia hoy Ibonia : " Etsy aloha hianao, ry Ikonantitra." Dia nandeha eo aloha Ikonantitra, ka dia nojeren' Ibonia ny fandehany ; ary nony azony ny fandehan' Ikonantitra, dia noraisiny amy ny volony, hono, Ikonantitra, ka, natontony, dia nesoriny ny taolany sy ny nofony, ka nentiny ny hodiny hanaronany tena.

Ary dia nalain' Ibonia ny voan-kazo izay masaka teo anati-saha, m ba lio entiny miakatra any an-tanàca, any Mananivo, ho entiny mamangy an' Ingarabelahy (rain-dRaiv ato) sy Iraivato. Ary dia niainga izy nilanja ny voan- kazo sy ny anana ka nody ho Ikonantitra. Ary dia nihetsika ny odin-dRaivatO sady niteny hoe " Tonga rafi-lahy ka manaritra hiany!" Ary dia;tonga, hono, ity Ibonia, izay nody ho Ikonantitra, ka niditra ny valamena ; ka dia taitra ny andriambavy madinika sy Ingarabelahy, ka hoy Ingarabelahy " Tonga lahy ny andevo ela ! " Dia napetrany teo atsimom-patana, ny entana nentiny. Ary dia sainy niffindrombaka ny voan-kazo ny andriambavy madinika, ka nojeren' lkonantitra Iampelasoamananoro.

Ary nony hariva ny and.ro, dia, hoy Ingarabelahy: ".Aiza, ialahy no handry, ry Ikonantitra, ? " Fa Ikcnantitra hoe : "Ao amy ny trano fand.riako ao hiany, ao amin-draozaza Ia,mpelasoamananoro hiany ; fa ao ny vilia fihinanako, ao ny sotro fihinanako, ao ny tsihy thndriako." Ary dia 1asa izy nankany amy ny trainon' Iampelasoaraananoro. Ary nony

efa masaka ny vary, dia norosoana vary tamy ny vilia fihinanany Ikonantitra; dia vaky ny vilia, sy tapaka ny sotro. Ary dia tezitra tamy ny mpanompony Iampelasoamananoro ka nanao hoe " Hianareo dia sosotra foana amin' Ikonantitra, ka vakinareo ny viliany, ary ny vary hohaniny dia arianareo !" Ary dia naroson' Iampelasoamananoro ny vary teo an-doviany ho an' Ikonantitra.

Ary nony efa handry indray Ikonantitra, dia novelarina indray ny tsihy fandriany, ilay teo aloha, dia niraraka montsamontsana ny tsihy. Ary dia tezitra toy ny teo hiany Iampelasoamananoro ka nanao hoc : "Mafilna tánana re izany hianareo izany ; fa tsihy dia hiraradraraka foana, fa ny fanaonareo azy no loza ! " Ary dia nosoloana indray ny fandriana.

Ary ny odin-dRaivato tsy miaina andro aman' alina fa manao hoe : " Tonga rafi-lahy ka manaritra hiany, tonga rafi-lahy ka, manaritra hiany !"

Ary nony maraina ny andro, dia nifanorona Ingarabelahy sy Iraivato, dia nanatona Ikoriantitra ka nanao hoe : " A! fanaonay tamin-drainaoThe izao, ka aoka aho mba hanao, fa zava-panao ka tsy aritra ; " Dia niandany tamin' Ingarabelahy izy.

Ary nony Ikonantitra no nitetika, ny thnorona, dia, hoy izy : "Hitako izao io, ny Andriana, fa matiko." Ary dia hoyIraivato : "Ento àry, raha matinao. Ary nony narosony tokoa, dia matiny 'ny an-dRaivato. Ary nony nanoko indray, dia matiny hiany ny an-dRaivato, intelo na inefatra. Ary dia tezitra Iraivato ka, niteny hoe : "A ! tsy Ikonantitra ity, ry ibaba, fa raha izy ity, dia inona no fantany mba hanao fanorona, fa ava-saha no raharahany ! " Ary hoy izy : " .A.oka, ry ibaba, halentako ny ampinga-haratra, io, fa Ikonantitra vaovao io." Ary hoy Ingarabelahy "Ao e ! fa haninona ny andevon-drazako no homeko haringan' ialaliy, lehiroana ? Mahandrasa, itsizy ny andre-Zoma, fa ny Alakamisy mbola ahy. Fa tsy ha4:e-lako halentan' ialahy ny ampinga-haratra ny andevon-drazako. Ireny, lehiroa, no mpanao fanorona tamin-drikakibe sy ikaky ; fa ialahy izao vao mpianatra

taminy, ka raha matiny ialahy dia hitady hamono azy ! Ka raha ho adala, anaka, tsy adala tsara hiany, fa hamono ny andevon-drazako." Koa dia tsy nahaleo tohíka an' Ingarabelahy Iraivato, ka lasa nody any an-tranony.

Ary nony ampitso dia nilalao tamy ny tovolahy tao Mananivo Iraivato mba hanao vokovoko. Ary nony tafangona ny tovolahy dia nifariao anda.niny. Ary nony asian' ny andaniny Iraivato, dia voasingony avokoa ny vokovoko izay namely-azy. Ary nony Iraivato kosa no namely, dia namelon' afo ny tany alehan' ny vokovokony, ka tsy nisy izay mahasingotra ny azy. Ary hoy Ikonantitra mijery eroa amin' Ingarabelahy : " A ! mba hamela, dindo- aho, ry Ingarabelahy, fa tsy aritro izany lalaon' ny zatovo-lahy izany." Ary dia noraran' Ingarabelahy izy hoe : " Aza manao eo, ialahy, fa, matin' Ivato eo ; fa tsy hitan' ialahy, angaha, ialahy saiky novonoiny, raha naharesy azy tamy ny fanorona." Ary hoy Ikonantitra : " Koa hanahoana hianao, raha matin' ny zanaka ; fa mba hanao hiany aho, hamela dindo." Ka dia nidaikadaika Ikonantitra ka nanao hoe : "Mba hilalao aminareo aho, ry zatovo, fa mahita ny filalaovanareo ka mba hamela dindo, fa mahatsiahy ny fanaonayteo aloha." Ary hoy Iraivato : " Aoka hanao eo ilaifady io, hataoko maty eo." Ary Ikonantitra tsy niandany tamin-dRaivato, fa nankamy ny andaniny hafa. Ary dia izy no nokendren-dRaivato ny vokovoko, ary hoyRaivato hoe : "Iny vokovoko iny, izaho Raivato iny : tsy maka tsy an-tampin-kandrina, tsy mivoaka afa-tsy eo an-taro-po ; ka maha-voa iny, mahafaty ; tsy maha-voa iny, mahafanina." Ary dia nalefany ny vokovokony hamely an' Ikonantitra, dia namelon' afo erý ny nalehany. Ary dia, nosingoran' Ikonantitra moramora foana ny vokovoko namelin-dRaivato, ka tsy afaka nihetsika. Ary dia mba namely kosa Ikonantitra ka niteny hoe : "Iny vokovoko iny, izaho Ikonantitra iny : tsy mahasingotra Ivato, dia fanina ; ary raha mahasingotra, dia entiny miriatra Ivato ka hikiaka ny tenany." Ary dia nalefan'

Ikonantitra ny vokovokony, fa voasingotr' Iraivato hiany ; fa nofaohin' ny vokovoko Iraivato, ka nikiaka ny lohaliny sy ny kihony, ary nytehezany. Ary dia namaly kosa indray Iraivato, ka nosingoran' Ikonantitra mora foana. Ary dia gaga ny olona. Ary dia nisaraka ny mpanao tsi-lalao amy ny vokovoko. Ary dia tezitra indray Raivato, fa, nalaza ny naharesen' Ikonantitra azy. Ka dia hoy ny olona hoe : " Ivato lahy tsy nahomby an' Ikonantitra." Ary hoy Raivato tamindrainy hoe : " Aoka, ry ibaba, hovonoiko Ikonantitra, fa tsy Ikonantitra io, fa hafa ; fa raha Ikonantitra, haharesy ahy va, fa inona no amin' izay olona antitra iny ? tsy neken' Ingarabelahy izany.

Ary nony ainpitso dia niantso ny tovolahy tao Mananivo indray Raivato ka naniraka azy hampiakatra ny omby mahery mba hampihosena, " fa hanetsa isika anio, " hoy izy. Ary nony tafakatra ny omby mahery, dia nam- y, dia mba nanaraka an' Ingarabelahy Ikonantitra hizaha ny mpampihosy. Dia niantandrok' omby ny tovolahy, ary ny omby izay tehafin-dRaivato, dia mikipaka ny hodiny, ka faingam-pandeha erý ny omby sy mitatatata eran' ny tanim-bary. Arv hoy Ikonantitra tamin' Ingarabelahy : " Andeha mbą hampihosy aho, ny Andriana." Ary noraran' Ingarabelahy Ikonantitra, fa tsy nety Ikonantitra, fa nirotsaka hiany hampihosy.—" Tsy aritro, ny Andriana, ny fisavik' ombin ny tovolahin ny Andriana," hoy Ikonantitra. Ary nony hitan' Ivato, fa indro nirotsaka hampihosy Ikonantitra, dia hoy izy : " Matiko amin' izao iley kary io." Fa nony omby eo ampovoan-tanim-bary tsara iny Ikonantitra, dia nahodin-dRaivato ny omby hanandrify an' Ikonantitra, kanotehafiny, dia nitatatata nanandrify an' Ikonantitrà hanitsaka azy ; ary noraisin' Ikonantitra ny ombivavy, ka napony amy ny omby vositra, ka dia maty ny omby vositra ; ary omby vositra napony tamy ny. ombelahy, dia maty ny ombelahy ; ary ny ombelahy napony tamy ny vantotr' omby, dia maty ny vantotr omby. Dia tezitra indray Raiyato, toy ny teo aloha, fa be maty ny onabiny. Koa dia notadiaviny hovonoina indray Ikonan-

titra, fa tsy navelan' Ingarabelahy. Dia lasa nody any an-tanàna ny mpampihosy. Ary Ikonantitra dia nanjary papango, mba hitady ny odin-dRaivato izay atao hoe Itsihitavatana sy Imoimoilava, ary Iafobemirehitra. Nefa tsy nahita ny odin-dRaivato izy. Ary nanjary ho saka izy, fa tsy nahita hiany. Ary koa, niova ho zavatra maro hiany izy, fa mbola tsy nahita ny odin-dRaivato hiany. Fa nony faranydia nanjary ho rivo tra izy mba hitady ny odin-dRaivato, ka dia hitany ny odin-dRaivato, ka novetavetainy sy nosimbany, mba, hahafaty hasina azy.

Ka dia notamin-jo, hono, Iraivato, dia niantso any Mananivo ka nanao hoe : " Ny mana-mahia dia manakaloza ; ary ny manam-bondraka dia mamonoa ; fa tsy ho hita izay ho faran' ity tany Mananivo ity, fa ho resin-dah' iraika masin' oly no hozarina ny tany !"

Ary nony hariva ny andro dia nankao amy ny trano fandriany Ikonantitra, fa tsy teo Iraivato no nandry, fa tany amy ny an-andron' ny vadiny hafa. Ary nony efa natory ny olona teo an-trano dia namelon' afo Ibonia, ka nesoriny ny hoditr' Ikonantitra izay nasarony azy, dia taitra Iampelasoamananoro ka nijery ny tao an-trano, dia hitany Ibonia, ka hoy izy hoe : " Endre ! fa iza re hianao ? Nahoana no mamono ny tenanao ? Ho faty tokoa izao hianao, fa tsy ho velona ; fa lahi-fatsiatra Ivato."

Ary dia namaly Inabo ka nanao hoe : " Izaho no Ibonia ;—fa ny làlam-bady mahafaty ; fa hianao nofonofoko fahatsaika, ary novadiko fahazaza ; ka raha maty hianao, tsy airitro aman-tany ; velona hianao, tsy omeko lahy.'

Ary hoy Iampelasoamananoro hoe : " Eny iky, ry Inabo, fa rahamaraina hiany mantsy izao no fara-fiainantsika roa ! "

Ary dia nitendry valiha Ibonia, ka dia nandre ny olona teo an-tanàna, nony maraina ny andro, dia niteny ny olona ka nanao hoe " Olona hath, olOna hafa io, fa tsy Ikonantitra ! "

Ary dia tezitra Iraivato ka nitady hamoha riy trano, ka tsy azony novohana ny trano. Ary dia nodorany ny trano ka tsy nety nirehitra. Ary dia nokapainy indray ny zoron-trano, fa tsy nahalaitra azy ny famaky, sady bangabanga. Ary dia nohadiny indray ny tany, fa tsy nahalaitra azy ny fangady, fa tapatapaka.

Ary dia niteny Iraivato ao ala-trano ka nanao hoe : " Nahoana moa no manantena haka vady ahy atý Mananivo ka mihenahena ao an-trano, fa, tsy mivoaka hiadiana ? "

Ary namaly Ibonia ao an-trano ka nanao hoe : " Ey, izay Ivato, ben' ny biba (songo), matavih' ny ronono, tsy hahari fra ny vango-vin' Ibonia. izaho vahiny manjaka là1a,na, ary Ivato tompon-trano mihify (mikifika,). Izaho Ibonia vahiny no handry eo amparafara ; fa I vato tompon-tany no handry co antany."

Ary namaly kosa Iraivato ka nanao hoe : " Ibonia mihafelatanam-behivavy ; fa izaho manao sikin' Ibeholiholy ka mahalany andro mijomo (resaka mangingina). Moko (mahery) aho noho ny taloha fa, Ibonia tsaika ka tsy hahaleo ny vango-viko."

Ary dia namaly Ibonia, ka nanao hoe : " Miakatra am-piakarana aho, mamahampahana ; midina ampidinana aho, tsy mba midraikodraiko ; mana,nety aho, mandrevorevo ; raha *raha* tinainako tsy mba votsotsa ; tsy akondro aho ka ho be tendro ; tsy fary aho ka ho be vololona ; tsy ranonorana aho ka handoaky ny alina ; tsy zavona aho ka hanenika ny tany ; tsy fitelim-boay aho ka hiandry fitàna ; tsy mamba aho ka hanaikitra ny ambani-rano. Izaho teraky ny efa, ngeza ; zanaky ny mbcla ho ngeza sy ny ngeza, rahateo. Ka raha miandra, aho, vaky ny lanitra ; miondrika, aho, vaky ny tany ; mibirioka aho, may ny ala atsinanana. Itsahiko ny tany Mananivo, ka miporopotaka, milohan-drere.

Ary namaly .indray Iraivato ao ala-trano, ka nanao hoe : " Izaho tsy setrain-dakan' arivo : ribihina aho, manehi-baniana; itana, aho, mahafaty ariyo.

Ary nahoana moa Inabo no ao an-trano no mihenahena, fa tsy mivoaka hialiana ? "

Ary dia nampihaingoin' Ibonia Iampelasoamananoro ao an-trano vao hivoaka izy. Ary• rehefa vita ny haingon' Iampelasoamananoro dia nivoaka, izy. Dia hoy Ibonia : " Somindaina, be ra ; rasaina, be taimboraka. Ny mahadia tany no horoahiko, ary ny tsy mahadia tany dia an' Ivato ; fa ny velona an.' Ibonia, ary ny rnaty an' Ivato."

Ary hoy Ibonia tamin' Iampelasoamananoro: "Eroa, am-baravarankely hianao no mitsidika, ary izaho eroa am-baravarambe no mitsidika." Ary hoy Ia,mpelasoamananoro : " Raha tsy miaraka aminao aho,: dia maty." Ary hoy Ibonia " Raha tsy izaho no maty, dia tsy maty hianao." Ary Iampelasoamananoro dia nankeo am-baravarankely, ary Ibonia, nankeo ambaravarambe, ka dia nampiarahiny ny famoha ny varavarana ; ka dia nokaretsahin-dRaivato Iampela,-soamananoro ka, nasiany ny lefona, fa nivily nitsatoka tany amy ny tany ny lefona. Ary hoy Ibonia : " Nahoana moa no malaza ho lehilahy Ivato ka no any amy ny vehivavy no hialy, fa izaho no lahy toa, an' Ivato, ka misindá erý an-kianja hanaovana ? " Ary dia nankeny an-tokotani-be izy roa lahy.

Dia nifampitifitra sy nifanombo-defona tamy ny voalohany, ary tsy nisy maty. Ary dia nifanontona tamy ny tany maina no farany. Dia nasian-dRaivato Ibonia, ka halohàlika no difotra ; fa nitsoaka Ibonia, ka nasiany kosa Iraivato ka latsaka hafoto-peny, ka nitsoaka indray Raivato, ka natontony kosa indray Ibonia ka latsaka hahelika. " Ey !" hoy Ibonia, "akory é, ry Bemantahola sy ry Tokainbololona sy Inaenaringitra! nahoana no tany Iliolava tsy nanome tondro-maso, tany tsy nanome haingihaingy, koa atý amy ny tany iadiana vao manome latsa ? " Dia natonton Ibonia, kosa Iraivato ka difotra tsy hita popoka tany ambanin' ny tany, ka nosafoiny ny tany izay loaka nalehany.

Ary dia niteny tamin' Andriavahoabesofina (Ingarabelahy) sy ny vahoaka tao Mananivo Ibonia ka nanao hoe : " Iza no ho anareo : ny maty, sa ny velona ?"

Ary hoy Andriavahoabesofina hoe : " Ny velona no ho anay, fa ny maty tsy namana intsony." (Izany, hono, no nanaovan ny olona hoe : " Ny maty tsy namana.") Ary dia hoy Ibonia : " Ny fanjakanao dia, oneno hiany, ry Andriavahoabesofina, fa izaho hody any Iliolava hiany, hitondra an' Iampelasoamananoro.[3]

Dia nody nankany Iliolava Ibonia, fa any no fonenany. Fa iley akondro nambolen' Ibonia tany ala-tranondRasoabemanana dia tsara faniry, ka nahazo toky hiany reniny, ka dia faly ; fa fantany, fa velona hiany ny zanany, fa tsy maty tsy akory.

Ary nony hita tao amy ny ony Mananivo Ibonia mivady, dia nokapohin' Ibonia ny kilangaly ny rane, ka hoy izy : " Ity rano ity—ny any arà tsy mivalana, ary ny any ava tsy miorika, ka misavá ny rano eto am-povoany, mba hitán' Ibonia mivady." Dia niseho ny fasika, fa nisava ny rano ; dia nandeha tamy ny fasika toy ny tany maina izy mivady,—ka dia tonga soa aman-tsara tany Iliolava izy. Dia nifaly sy nanao fanasan-dehibe ny rainy aman-dreniny, ary ny vahoaka.

Ary ny andro izay mvadian' Ibonia sy Iampelasoaman anoro diatokony ho folo ta,ona. Arynony tokony ho telo-taona sisa no tsy hahafatesan' Ibonia, dia nanafatra ny rainy aman-dreniny sy ny vadiny aman-janany ary ny vahoaka rehetra tao Iliolava sy ny manodidina koa izy, ka nanao hoe : " Izao lahy no ambarako aminareo, fa efa ho avy ity ny fodia-mandry ; ary efa antomotra ny andro izay hifindran Ibonia, ka handeha amy ny làlam-palehan' ny miankandrefam-baravarana Inabo ; fa izany no tonon' andro tsy mahaFa ny tany no fodiam-pisehoana ; ary Inabo tsy mba izay milevin-ko-lo, fa izay ambolen-kaniry : maty andro ka velon' alina. Ary ho avy itý izay hodian' Inabo ; koa izao lahy no hafatra ataoko aminareo : Voalohany indrindra : indro *nyfanambadiana.* Na ho andriana, na iza ho rapanjaka, na iza ho mpanapaka, na iza ho mpiteny—aza mba misy manaha ny fanambadian' olona ; fa ny làlam-panambadiaria mahafaty, ka aza mba sarahina (izany anatra, izany, hono, e. no nahamafy ny fanambadiana). Ary faharoan' izany

koa : tandremo, fa hiova anarana aho ; fa ny anarana etý an-tany tsy enti-mody any an-danitra ; fa, vaovao ny zavatra rehetra eo anatrehan' Andriamanitra any an-danitra ; fa, masy Raikobe ; ary izao no ho anarako : Ifotroakilatany, Itaniloakoaby, Imingodonareninilavitra."

Ka, mihainoa hianareo ; fa raha misy kotroka, dia hitomany ny lanitra, ary hipotraka ny mahetsaka (orana) ; koa dia initomania hianao, Rasoabemanana, fa izaho Imingodonareninilavitra zanakao izay." (Izany, hono, no nisehoan' ilay ataon' ny olona hoe : " Andro mahory vavi-antitra izany" (raha, mikotroka ny'andro). Ary nony tonga ilay telo taona nataon' Ibonia hoe : " ho faty aho raha afaka telo-taona ;" dia maty izy.

(Natao amy ny teny fohy hiany no nanoratana ny angano milaza any Ibonia amin' ity taratasy ity, fa lava noho izao izy, raha tantaraina am.-bava avokoa.)

2.—IBONIA.

(Avy any Vakinankaratra ity.)

Nisy, hono, olona mirahavavy tsy nanan-janaka, ka dia lasa nanao sikidy tany amin-dRatobOkoka. Nony tonga tao aminy izy, dia hoy R,atobOkoka : " Inona no alehanareo aty ? " Dia hoy izy mirahavavy : " Tsy miteraka, izahay ka hanao sikidy atý aminao." Dia hoy RatobOkoka : " Izahao áry ny haoko." Dia nizaha ilay zokiny ka nahita tapak' ahitra. Dia hoy razazavavy : " Tsy nahita aho; ry neny, fa tapak' ahitra ity." Dia hoy Ratobókoka : " To' atý (omeo atý), fa izay no izy." Dia nizaha indray ilay zandriny ka nahita tapak' ody kely mena ; dia hoy izy tamin-Ratobòkoka : " Tsy nahi-. ta aho, ry neny, fa tapak' ody kely mena ity." Dia hoy Ratobókoka "To' atý, fa izay no izy." Ary nony efa vita izany, dia hoy Ratobókoka : "Manclehana hia.